# *Mihazona Ny Teniny Andriamanitra*

[Hoy Rahalahy Neville hoe, "Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Branham."—Mpand.] Mivavaha ho ahy. ["Amena."]

2 Manao ahoana, ry sakaiza. Tombontsoa iray ny tonga eto izao maraina izao, ao amin'ny asan'ny Tompo, sy mahatsapa an'izany fandraisana sy fiombonana mahafinaritra izany. Midika zavatra iray fotsiny izany ho an'ny fon'ny mpandeha iray, ny mahatsapa an'izany fanahy miarahaba izany. Fantatrareo, tonga aminareo fotsiny izany, ary misy zavatra iray fotsiny, izay tsy maka ny toerany. Ary ny tafaverina eto amin'ny tabernakla indray, ary, ihany koa, ao amin'ny asan'ny Tompontsika finaritra.

3 Ary ankehitriny dia manana fotoam-panolorana iray ho an'ireo zazakely isika, saingy heveriko fa hanao an'izany fotsiny angamba isika afaka fotoana fohy.

4 Manakaiky ny Paska isika. Heveriko fa tonga eo amin'ny faha-iraika amby roapolo eo ho eo izany. Ary te-ho tonga eto alohaloha kely fotsiny aho, mba hahita an'ireo loholona sy Rahalahy Neville. Ary mikasika. . . Izaho. . . Angamba ho zavatra tsara iray raha nanana fivoriana kely iray isika teto, mialoha indrindra ny—ny fotoan'ny Paska. Angamba hanomboka, atao hoe, amin'ny Alarobia iray ka hitohy hatramin'ny Alahady, ary hifarana amin'ny fotoan'ny batisa amin'ny Alahadin'ny Paska. Ary hanana kely. . . fivoriana iray, miaraka iray. Ity dia tabernakla kely izay fandrian-jazako. Izy no fiangonako voalohany sy tokana. Ary tiako fotsiny ny hiverina ho an'ireto andro masina ireto, ka—ka hanompo ny Tompo miaraka aminareo rehetra. Hanaiky an'izany ve ny rehetra, mihevitra ve fa ho izany mihitsy no sitrapon'ny Tompo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hia. Eny, raha sitraky ny Tompo, dia hanomboka isika amin'ny Alarobia, alohan'ny Paska amin'ny Alahady.

5 Ary tiako ny hilaza fa hangataka amin'ny mpitahiry vola angamba isika, na ny mpitantan-draharaha sy izy ireo, raha hametraka dokam-barotra kely iray eo amin'ny gazety izy ireo eto any ho any. Ary hiteny amin'ireo zanaka fa eto isika mba hanompo, ary tiantsika ny hanana fiombonana kely amin'izy rehetra. Kely, tahaka ny somary tonga any an-trano, ary mivonona ho. . .

6 Angamba ny Tompo dia hanome antsika fitsanganana iray an'ny—an'ny—ampahany lehibe kokoa an'Ny Fanahiny, mitohy

ho an'io Paska ho avy io. Izany dia—izany dia ny . . . tahaka ny fararano sy lohataona. Heveriko fa tena fotoana iray tsara tarehy ny lohataona, rehefa manomboka mitafy endrika vaovao sy fiainana vaovao ny zavatra rehetra, ary mampahatsiahy antsika ny amin'ny fitsanganana izany. Tonga amin'ny fotoana iray tena mety ny Paska, amin'ny lohataona. Raha mahamarika isika, ny Tenin'Andriamanitra dia mandeha marina tokoa miaraka amin'ny Natiorany, sy ny sisa. Noho izany isika dia . . .

7 Raha sitraky ny Tompo, ankehitriny, dia hanomboka an'izany isika. Ary—ary raha hametraka dokam-barotra kely izy ireo, hoy aho, ao amin'ny gazety. Ary aza manao an'izany ho famirapiratana. Teneno fotsiny ireo olona fa te-hanompo ny Tompo miaraka isika. Ary ho tiantsika fotsiny, ny rehetra izay te-ho avy, hiombona amintsika, vetivety. Ho faly isika ny hanana azy ireo tonga, ireo fiangonana rehetra.

8 Ary raiso ny telefona ka teneno ireo mpiara-monina aminareo mikasika an'izany. Ary teneno izy ireo fa hiresaka mikasika ny Tompo fotsiny isika, ary—ary manompo Azy miaraka fotsiny ny rehetra.

9 Hanao karazana hetsika iray aho, raha hahafaly ny olona izany, ary tsara eo imason'Andriamanitra, ary mety tsara amin'ilay feo telo, tiako ilay Neville Trio hanampy antsika mandritr'izany fotoana izany. Tsy ho tianareo rehetra ve? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Marina izany. Ary noho izany dia ho hitantsika fa voakarakara izy ireo, amin'izany fanao izany, raha tena hitan'ny Tompo fa mety amintsika ny manao an'izany. Ary noho izany dia manasa mpihira hafa avy amin'ny fiangonana samihafa isika, ho tonga ary—ary hanampy antsika raha mandroso isika. Ireo mpihira avy amin'ny fiangonanareo, ho faly izahay ny hanana azy ireo. Jereo Rahalahy Neville, angamba ny hariva alohan'io, ary mba ahafahana mametraka azy ireo eo amin'ny fandaharana, hanao azy ireo hihira ho antsika.

10 Tiantsika ny fihirana tsara. Tiako fotsiny ny hanana fotoana fiverenana mody tsara iray, amin'ny fanao fahiny, eo amin'izay ihaonantsika miaraka fotsiny. Ary ento i Angie. Aiza . . . Eto ve Ranabavy Angie izao maraina izao? Ento izy, mba hahafahany sy Ranabavy Gertie mihira ny *Fotoana Fiverenana Mody* ho antsika indray mandeha, ary *Manohiza Mihazona*. Ary izany dia ho zavatra iray toy ny hoe manomboka fifohazana iray indray, Ranabavy Gertie. Rano betsaka no nidina teo amin'ilay renirano hatramin'ny nihirantsika an'izany teto taloha.

11 Nanana tsingerin-taona nahaterahana iray aho omaly, ary izaho—fantatro fa tsy zazalahy intsony aho. Hoy aho hoe, "Mihoatra ny efatra amby roapolo taona aho ankehitriny. Noho izany . . . " Ary, noho izany, ireo taonako fotsiny izany . . . Tsy manisa an'ireo izay nahaterahako ara-bakiteny, ara-

boajanahary aho, sy ara-batana, manisa an'ireo taonako ara-panahy fotsiny aho, hitanareo. Teo amin'ny efatra amby roapolo taona lasa izay, no nateraka indray aho. Ary, izany, Mandrakizay izany. Ary izany dia . . . Andro nahaterahana anankiray lehibe, voatahy izany. Ary tsy ho lany mihitsy izany, izany no zavatra anankiray azo antoka.

12 Ankehitriny, tiako Ranabavy Gertie, raha sitrany . . . alohan'ny hitondrantsika an'ireo madinika kely ho an'ny fanolorana zazakely iray. Ankehitriny, matetika . . .

13 Ao amin'ny Baiboly, dia hitantsika, ny toerana tokana izay fantatro, ao amin'ny Soratra, izay misy ny lamina, ny amin'ireo zazakely . . . Ankehitriny, olona maro no mamafy azy ireny, fantatrareo, ary miantso azy hoe batisa, sy ny sisa. Fa, izany dia— mety izany. Fa izaho dia miezaka foana ny, tiako ny mijanona fotsiny amin'ny fomba izay ilazan'ny Baiboly azy, fantatrareo. Ary ao amin'ny Baiboly, dia tsy nanao batisa ankizy kely mihitsy izy ireo. Tsy namafy azy ireny koa izy ireo. Nentin'izy ireo teo amin'ny Tompontsika fotsiny izy ireo, ary Noraisiny teo an-tSandriny, ka nitso-drano azy ireo, ary nanao hoe, "Avelao ny ankizy kely hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireny, fa an'ny toa azy ny Fanjakan'ny Lanitra."

14 Ary ilay zavatra hafahafa dia, ankehitriny, vao avy namadika tao amin'ny Baiboly mihitsy aho, teo amin'izay misy an'izany marina tokoa, Marka 10. Eto mihitsy izany, eto anatrehako mihitsy.

15 Ary noho izany, ny Tompo, dia nitondra an'ireo ankizy kely . . . Nentin'izy ireo teo Aminy ireo ankizy kely, ary nitso-drano azy ireo fotsiny Izy, ka nanao hoe, "Avelao ny ankizy kely hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireo, fa an'ny toa azy ny Fanjakana."

16 Ankehitriny, fantatsika fa lasa any amin'ny Voninahitra ny Tompontsika, ary niverina tao amin'ilay Fiangonana Ny Fanahiny, mba hanohy ny Hafatra mandra-Pihaviny indray. Miandry an'izany isika.

17 Ary ny fomba anaovantsika an'izany eto, dia mitondra fotsiny an'ireo madinika kely, ary entintsika miakatra ireo loholon'ny fiangonana, ary maka an'ireo ankizy kely aho ka manolotra azy ireo ho an'ny Tompo. Heveriko fa fotoana kely tena mamy iray izany, ny mahita an'ireo ankizy kely bitika ireo. Satria, ilay izy dia, tsy mampaninona na tanora toy ny ahoana aza isika, antitra toy ny ahoana isika, ny iray amin'ireo madinika kely ireo dia manana toerana iray fotsiny ao am-pontsika. Tsy marina ve izany?

18 Ankehitriny, rehefa manatona an'Andriamanitra isika, dia tahaka an'izany mihitsy isika ao am-pon'Andriamanitra. Tsy miala an'io dingana io mihitsy isika. Ankizy kely foana isika.

19 Rehefa sivy amby sivifolo taona i Abrahama, dia mbola zaza kely iray foana izy, amin'Andriamanitra. Niteny taminy Andriamanitra, nanao hoe, "Izaho no nono izay ninononao, ry Abrahama. Hitanao, izao fotsiny—miankìna Amiko fotsiny, ary minonò, dia ho mety tsara ny zavatra rehetra." Ary nanova an'i Abrahama hiverina ho lehilahy tanora iray indray Izy, tamin'ny fihazonana Ny Teniny fotsiny.

20 Ary mino aho fa nihira hira kely iray isika, hoe *Ento Izy Ireo*. Ary ento eto ireo madinika kelinareo ankehitriny, ianareo izay te-hanolotra azy ireo. Hangataka an'ireo loholona aho raha handroso, ihany koa izy ireo. Eny àry.

. . . ento izy ireo,
Ento hiala amin'ireo sahan'ota izy ireo;
Ento izy ireo, ento izy ireo,
Ento eo amin'i Jesosy ireo mpirenireny.

21 Oh, toy ny ahoana no itiavako mahita an'ireto ankizy kely ireto! Ankehitriny, iza no—no anaranao? [Hoy Rahalahy Riddle hoe, "Riddle."—Mpand.] Iza no anarany? ["Sharon Louise."] Sharon Louise Riddle kely. Ary azoko antoka fa tiantsika rehetra i Rahalahy sy Ranabavy Riddle. Fantatsika i Rahalahy Riddle eto. Izy no mitantana an'ilay fivarotana kiraro baoty eto an-tanàna. Ary manana an'ilay zaza kely mahafatifaty indrindra izy ireo eto, Sharon kely, Sharon Louise, Sharon Louise Riddle. Firy taona izy, Rahalahy sy Ranabavy Riddle? [Hoy Rahalahy Riddle hoe, "Efa-bolana."] Efa-bolana. Oadray, oadray! Sampy kely iray ho an'ny fo izany, sa tsy izany?

22 Ary, ankehitriny, ny Tompo no nanome anareo an'ity anankiray kely maha-te-ho tia ity, ary ankehitriny dia manolotra azy ho Azy ianareo, mametraka azy eo an-tSandriny, hoe Andriamanitra, Izay nanome, mamerina Aminy ianareo. Manolotra azy ho Azy, mba Ahafahany mitahy ny fiainana keliny ka manao azy ho fiainan'asa iray. Ary manao azy ho . . . Mivavaka mba hanaovan'Andriamanitra azy ho ankizy iray izay hitahy ny fonareo rehefa antitra ianareo, ary raha maharitra Jesosy, dia ho mpiasa lehibe iray ho an'Andriamanitra. Ary hirehareha ny amin'io zazavavy kely io ianareo. Enga anie Andriamanitra hanaiky an'izany ankehitriny raha mandray azy izahay, mba hitso-drano azy.

23 Tiako ny ramatoa rehetra, ary, mazava ho azy, ireo lehilahy, ihany koa, hijery an'ity zaza kely mahafinaritra ity. Tsy mamy ve izany? Sharon kely.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny.

24 Ry Rainay any An-danitra finaritra, ao amin'ny Teny sarobidy dia mamaky izahay fa nentin'izy ireo teo Aminao ireo ankizy kely, mba Ahafahanao mametraka ny Tànanao eo amin'izy ireo ka mitso-drano azy ireo. Ary ankehitriny, ity mpivady ity, izao maraina izao, ity voadim-panambadiana

masina ity, dia Nomenao tao amin'ny fahatokian'izy ireo, ity zaza maha-te-ho tia ity, Sharon Riddle kely. Ary mivavaka izahay, Ray any An-danitra malala, mba Hitahianao an'ity ankizy ity, raha tonga izy ireo izao maraina izao hanao fanolorana, mba hamerina an'ilay zazakely amin'ilay Anankiray Izay nanome azy. Ary mangataka Aminao aho, Andriamanitra, mba hitahy azy ireo, hitahy ny fiainan'izy ireo. Ary enga anie ity ankizy kely ity, ho velona, hitombo sy hanana fahasalamana tanteraka, ka ho Mpanomponao. Ary enga anie izy ho vehivavy iray izay ho araka ny fon'Andriamanitra, sy ny—ny fon'ny raiamandreny. Ekeo izany, Tompo.

25 Ary ankehitriny, amin'ny maha-Loholonao, dia manandratra an'ilay ankizy mankany Aminao izahay, raha nametraka azy teo an-tànako izy ireo, ary manandratra azy mankany Aminao aho. Amin'ny Anaran'i Kristy, enga anie Ianao hitahy an'ity zazakely ity. Ary enga anie izy ho velona sy hitombo, sy hatanjaka sy ho salama, ary mpanompon'Andriamanitra iray. Mangataka an'izany izahay raha manolotra azy Aminao, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Ho tahiana ianao, ry malala kely. Zaza kely tena mamy ianao.

26 Andriamanitra hitahy anareo, ianareo roa. Ary enga anie ianareo hanana fifaliana betsaka amin'ny fitaizana an'ity zazavavy kely ity.

> Ho tonga am-pifaliana isika, mampiditra an'ireo amboara.
>
> Mampiditra an'ireo amboara, mampiditra an'ireo amboara,
> Ho tonga am-pifaliana isika, mampiditra an'ireo amboara;
> Mampiditra an'ireo amboara, mampiditra an'ireo amboara,
> Ho tonga am-pifaliana isika, mampiditra an'ireo amboara.

Tsy hahafinaritra ve izany amin'izany fotoana izany?

Ankehitriny dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny, ho an'ny vavaka.

27 O Andriamanitra, Izay nanao ny lanitra sy ny tany, namela fotsiny ny Fofon'ainy hivoaka miaraka amin'Ny Teniny, ka nandray ny toerany marina ny zavatra rehetra. Ny tany, ny volana, ireo kintana, ny rehetra dia voapetraka tao amin'ny toerana, araka ny nitsofan'Andriamanitra Ny Teniny mihitsy.

28 Ary, O Andriamanitra, androany, dia mangataka izahay mba Hitsofanao Ny Teninao, raha miezaka mitondra an'Izany amin'ny olona izahay. Enga anie Izy haka ny Toerany, izao maraina izao, ny Toerany, ka hamaka sy hifahatra ao amin'ny

fo tsirairay, mba handraisan'ny olona tsirairay eto an'ireo Fitahianao.

29 Ampio ireo, Tompo, izay any ivelan'ny làlana, kilemaina sy mandringa ao amin'ny fanahin'izy ireo. Ary tsy mahafantatra Anao ho Mpamonjy tia iray izy ireo, tahaka ny efa nanananay tombontsoa hahafantatra. Mivavaka izahay mba Hitahianao betsaka azy ireo, androany. Ary enga anie izy ireo, rehefa miala amin'ity tranobe ity, ho sambatra sy hifaly, noho ilay Kristy vao hita izay nifankahalalan'izy ireo mandritr'ity fivoriana ity.

30 Raha misy sasany izay manalavitra, nankany amin'ireo fiahian'izao tontolo izao, O Andriamanitra, dia ento miverina izy ireo. Ary ny marary sy ny manana ilaina, Ray, mivavaka ho azy ireo izahay, mba Hanasitrananao ny olona marary rehetra eto, androany. Ampaherezo ireo izay sasatra. Ary tahio ireo izay mihazona am-pahatokiana. Ekeo izany, Tompo. Enga anie ho eo amin'ny rehetra Ny Fanahinao.

31 Tahio ny Teny raha mandroso Izy; ny mpiteny izay hiteny Azy, sy ny mpihaino izay hihaino Azy. Ary, ny rehetra miaraka, raiso ny voninahitra ho an'ity fiangonana ity izao maraina izao, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

32 Ankehitriny, tsy nitsahatra marina tokoa aho nanomboka tamin'ilay fivoriana lava, izay efa-bolana teo ankehitriny, ary tena nandreraka ireo fivoriana dimy herinandro farany ireo. Satria, efa nanana fivoriana nahafinaritra izahay nanerana ny firenena, ankehitriny, avy any New York hatrany San Francisco; ilay firenena manontolo, nivezivezy, mandroso sy miverina, raha nitety izahay. Ary namonjy olona an-jatony maro, maro ny Tompo.

33 Tamin'ny Alahady lasa, herinandro lasa izay, fotsiny, ny Raintsika any An-danitra finaritra, dia nahita aho teo anelanelan'ny arivo, hatrany amin'ny dimanjato sy arivo, mpanota nibebaka tamin'ny fotoana anankiray, teo amin'ny alitara, tany Oakland, California, tao amin'ilay kianja goavana. Hipoka tanteraka mihitsy ilay izy. Ary izahay dia—tsy maintsy nametraka seza teo afovoan'ilay toerana teo afovoany, raha tokony ho ireo—ireo sisin'ny kianja. Ary nitahy fotsiny ny Tompo.

34 Ary izahay dia nanana, tao anatiny tao, an'ilay horohorontany lehibe, araka ny efa renareo. Ary izany no anankiray voalohany niainan'ny vadiko. Nangovitra kely fotsiny izy, taorian'izany. Tena natanjaka ilay izy, satria nihozongozona ilay tranobe, ary nanidina ny vovoka, ary ireo tavoahangy teo amin'ny . . . Nitsangana tao amin'ny fivarotam-panafody izahay, naka karatra postaly halefa any an-trano, ary nihozongozona ireo tavoahangy, ary nianjera ilay fivoahan-tsetroka. Dia niara-nihovitrovitra ireo tranobe goavana; nivavatra ireo làlana, ary nilentika ambany ny ampahan'izany. Ary izany dia

mampahatsiahy antsika fotsiny fa eo amin'ny rindrina ilay soratànana. "Hisy horohorontany any amin'ny toerana samihafa."

35 Tamin'io andro anankiray io, dia horohorontany valo no namely an'io tanàna iray ihany io. Ary avy eo teo amin'ny folo teo tamin'io hariva io, vao tonga mihitsy izahay, na tamin'ny folo sy sasany, dia nandeha natory; ary ilay—ilay fanilo, nipetraka teo afovoan'ny gorodona, dia toy ny hoe nihovitrovitra, avy tamin'ny horohorontany hafa iray lehibe, mavesatra. Izany dia maneho fotsiny, fa valo arivo maily ao ambanintsika, dia tsy misy afatsy ranom-bolokano mirehitra, mena.

36 Ary tamin'izany fotoana izany indrindra, ary nilazana fa ireo mpanafika (antsika) tany ampitan'ny ranomasina, milaza fa mandrara ny olona tsy hiditra ao Scandinavie izy ireo, sy ny sisa, hoe handringana azy ireo amin'ny fiadiana atomika izy ireo. Ary manontany isika hoe inona no hitranga raha hanomboka handatsaka an'ireo baomba ireo izy ireo ka hanapoaka an'ireo toerana ireo ho ao anatin'ny tany. Fa, hanao marina tokoa an'izay nolazain'Andriamanitra fa hataony izany. "Tsy rano intsony, fa afo amin'ity fotoana ity."

37 Noho izany, dia mitondra fifaliana ho an'ny fon'ilay mpiandry izay miandry ny Fihavian'ny Tompo izany, ary ilay ora voatahy izay hiovan'ireto vatana ratsy ireto ka hatao tahaka ny Vatany Manokana be voninahitra. Ary hahita Azy isika. Tsy hisy ady intsony, tsy hisy alahelo intsony, tsy hisy fahanterana intsony, tsy hisy andro tsy manam-petra intsony, tsy hisy hanoanana intsony, tsy hisy ahiahy intsony, tsy hisy aretina intsony, tsy hisy fahafatesana intsony.

38 Oh, tsy azontsika saintsainina mihitsy! Teneniko aminareo, ry sakaiza! Sarotra ilay izy satria olombelona isika, ary ny fahafatesana dia tena zavatra iray izay halantsika rehetra ny hiatrika azy. Fa izany dia—fampitoniana voatahy iray izany, zavatra voatahy iray, ny mahafantatra fa ho avy Izy indray andro any, ary hovaina ireo zavatra ireo.

39 Ankehitriny, tsarovy, ary ampitao amin'ny. . . indrindra ireo sakaizanareo mpanota, ankehitriny, mba ho tonga amin'ilay fivoriana, io fifohazana ho avy io.

40 Ankehitriny, mba hitenenana kely fotsiny, ny tendako, araka ny nolazaiko, dia tsy mbola madio tsara, kanefa, marina tokoa, ary mbola reraka kely foana aho. Fa, nitsahatra aho, tamin'ity herinandro ity, niala lavitra ny telefona sy ny sisa mihitsy aza, mba hahafahako mahazo andro fialan-tsasatra vitsivitsy.

41 Ary avy eo, amin'ity herinandro ho avy ity, dia te-hiala sasatra kely aho, raha vitako, ary avy eo dia hivonona ho an'ilay fifohazana kely. Avy eo dia mandeha mankany Canada aho, ary avy any Canada miverina any Indianapolis. Avy any Indianapolis avy eo dia mankany Chicago. Ary avy any Chicago. . . Izany dia ilay Christian Business Men's

International Convention. Ary efa nalahatr'izy ireo aho. Ankehitriny, mivavaha ho ahy, ary indrindra mandritr'io fifohazana io, mba hitarihan'Andriamanitra ahy. Fitetezamparitra maneran-tany manontolo iray izay hanomboka amin'ny Jona, ary hiverina amin'ny Novambra, na Jolay, raha ny marina. Ary izany dia mandeha mankany Eoropa, Azia, manerana an'ireo nosy rehetra, ireo ranomasina, ary miverina indray, avy any amin'ny Morontsiraka Andrefana. Miainga any atsinanana, ary mandeha avy hatrany manodidina an'izao tontolo izao, miverina any amin'ny Morontsiraka Andrefana. Tena fotoan'ny filàna iray!

42 Ary ankehitriny dia misy zavatra somary mampijanona ahy kely. Tsy fantatro na zavatra iray eny an-dàlana izany, na inona, tsy fantatro. Fa, mivavaha ho ahy, ary azo antoka fa Andriamanitra no handamina tsara an'izany.

43 Ankehitriny, manana toerana roa aho ao amin'ny Soratra izay nofidiako ho vakiana izao maraina izao, noho ity, hoe tonga ny olona, hivavahana izy ireo. Fotoana kely fotsiny ity hivavahana ho an'ny marary sy ny manana ilaina. Ary tiako fotsiny ny hampianatra kely eo amin'ny Teny.

44 Noho izany, angamba, raha sitraky ny Tompo, rahariva, dia mety tsy hampianatra fotsiny ihany, fa hitory kely avy amin'ny Teny.

45 Ankehitriny dia tiako ny hamaky avy amin'ny toerana anankiroa, ary izany dia ao amin'ny Testamenta Taloha, izy roa ireo. Ny iray ao amin'ny Nomery, toko faha-13, ary ny—ny andininy faha-30. Ary ilay hafa dia ao amin'i Josoa, ny toko faha-1, ary ny andininy faha-9.

> *Ary nampangina ny olona teo anatrehan'i Mosesy i Kaleba, ka nanao hoe, Ndao isika hiakatra mihitsy, ka hahazo azy; satria afaka mandresy azy tsara isika.*

46 Ary avy eo ao amin'i Josoa, ny andininy faha-9-n'ny toko faha-1.

> *Tsy efa nandidy anao ve aho? Mahatanjaha sy mahereza tsara; aza matahotra, na koa mivadi-po: fa ny Tompo Andriamanitrao dia momba anao* na aiza na aiza *alehanao.*

47 Ary enga anie ny Tompo hanampy ny Fitahiany amin'Ny Teniny. Tiako fotsiny ny Teny. Ary raha hilaza ho an'ny lohateny iray aho, izao maraina izao, dia tiako ny haka ny lohahevitra ato, lahateny iray, antsoina hoe: *Mihazona Ny Teniny Andriamanitra*. Ankehitriny, izany dia. . . Afaka mijanona eo amin'izany mandritry ny herinandro maro mihitsy isika; manao fifohazana mandritra ny herintaona fa mbola ho vaovao tahaka azy tamin'ny voalohany foana izany amin'ny farany, io lohahevitra io, hoe, *Mihazona Ny Teniny Andriamanitra*.

48 Misy zavatra anankiray izay tsy azon'Andriamanitra atao. Efa mba noeritreretinareo ve izany? Misy zavatra anankiray izay tsy azon'Andriamanitra atao, izany dia ny tsy mahomby. Afaka manao ny zavatra rehetra Izy afa-tsy ny tsy mahomby, fa tsy afaka tsy hahomby Izy. Noho izany, raha voaorina ny fahatokiantsika masina indrindra, izao maraina izao, eo amin'io Anankiray mahafinaritra Izay afaka manao ny zavatra rehetra izay tsy maintsy vita io, afa-tsy ny tsy mahomby, dia fahatokiana firy no tokony ananantsika ao amin'Ny Teniny Mandrakizay!

49 Nihetsika ny foko tamin'ny taona lasa, rehefa avy nijery nanerana an'ireo firenena aho ka nahita an'ireo zavatra mivangongo, arak'izay maha-izy azy ireo, ary ireo isma kely mipoitra. Mitondra tsara ao amin'ny fahatsiarovako an'izay voasoratra tao anatin'io vato fehizoro io izany, tamin'io maraina io izay nitokananay. . . na nametrahanay an'ilay vato fehizoro. Rehefa namoha ahy ny Tompo; tsy nahafantatra hoe inona ireo fahitana, tamin'ireo andro ireo.

50 Mijery an'ilay fivoahan-tsetroka eo an-tampon'ny trano aho, dimy dian-tongotra na mihoatra avy teo amin'izay nipetrahako rehefa niseho ilay fahitana, telo amby roapolo taona lasa izay, tamin'ny 1933. Saiky eo amin'ny efatra amby roapolo taona lasa eo izay, heveriko. Mijery an'ilay fivoahan-tsetroka aho izao ankehitriny izao.

51 Ela be talohan'ny hany nanambadiako izany. Tokan-tena aho, ary tao an-trano. Nanorina an'ity fiangonana ity fotsiny izahay. Ary nametraka an'ilay vato fehizoro izahay tamin'io maraina io, rehefa nanome ahy an'ilay fahitana ny Tompo. Nifoha aho ary nijery teo amin'ny varavarankely. Ary tamin'ny Jona izany, sy ireo chèvrefeuilles, na ireo tsimoka mamony. Ary toy ny hoe nandeha nitsangatsangana aho, na zavatra iray. Ary izaho—nahita ny Tompo Jesosy aho, ary nahita ny tabernaklako. Ary Nambarany ahy fa tsy tabernaklako ity; ary napetrany teo ambanin'ny lanitra aho. Maro aminareo no mahafantatra an'ilay fahitana, satria voasoratra sy navoaka izany, ary mino aho fa ny fanontana fahefatra na fahadimy, saiky boky iray hetsy no nivoaka tamin'ny fiteny fito ambin'ny folo samihafa. Ary diniho fotsiny hoe ahoana fa niseho izany, teny amin'ny teny, tsy diso mihitsy! Ahoana fa tonga niaraka tao amin'ny vondron'olona kely iray maha-te-ho tia izahay, ary ahoana fa nitahy anay ny Tompo, ary avy eo nitety toerana, saingy farany dia tao amin'ireo saha evanjelistika, sy manerana an'izao tontolo izao ankehitriny, ahoana no nandehanany.

52 Ary ahoana fa tonga ny fotoana izay—izay hisian'ireo zavatra ireo hitranga. Ahoana fa hamory mpampianatra izao tontolo izao, miaraka amin'ny sofina mangidihidy, ary ho lavina ny Fahamarinana ka hivily ho amin'ny anganongano. Ary avy eo dia ahoana fa hoy Izy hoe, "Torio ny Teny. Mijanòna eo amin'ny

Teny." Ary raha misy zavatra izay niezahako natao, dia ny mijanona eo amin'ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay.

53 Miaina ao amin'ireo ora famaranana ny fizaram-potoan'ity izao tontolo izao ity isika. Tsy hitako hoe ahoana no ahafahan'ny olona iray mijery, mijery an'ireo gazety fotsiny, na mandefa ny radio, nefa tsy mibebaka. Izaho—tsy afaka mahita an'izany aho. Ahoana fa isika fotsiny dia eo amin'ny—ny ankatoky ny zavatra lehibe iray izay natao hitranga. Na dia ny natiora aza dia maneho an'izany. Lasa mikorontan-tsaina izao tontolo izao. Manapoaka ny volkanony izy, ary izy dia—tratry ny faharerahana ara-tsaina mafy izy. Ireo horohorontany lehibe dia manozongozona sy manatresaka an'ireo làlana, ary fahitana mampahatahotra ny amin'ireo zava-boribory manidina, sy ireo balafomanga izay azon'izy ireo atsipy manerana ny tany, ka mandrava, mandringana firenena iray ao anatin'ny dimy minitra. Eo amin'ny andro farany isika. Misy zavatra iray izay maka . . . Tsy misy fomba hampijanonana an'izany. Tsy misy fomba iray. Fomba tokana ihany no ivoahana amin'izany, ary izany dia ny miakatra. Tsy misy fomba hiezahana hiafina. Tsy misy toerana iafenana afa-tsy anankiray.

54 Tahaka ny nihiran'ireo zazavavy kely teto fahiny, fony aho zazalahy mpitory teny iray fotsiny, nihira izy ireo taloha hoe:

> Tsy misy toerana iafenana eto ambany eto.
> Nandeha teo amin'ireo vatolampy aho mba
> hanafina ny tavako,
> Fa niantso ireo vatolampy hoe,
> "Tsy misy toerana iafenana eto ambany eto."

55 Fa misy Toeram-piafenana iray. "Ny Anaran'ny Tompo dia tilikambo mahery: ny marina miditra ao anatin'izany, ka voaaro." Faly toy ny ahoana isika manana an'io Toeram-piafenana io, amin'ny andro farany.

56 Ary raha mijery manodidina isika ka mahita an'ireo famantarana lehibe mihetsika, ary io fifohazana ho avy io, raha sitrapon'Andriamanitra, tiako ny handeha hatrany amin'ny Genesisy rehetra, ka hamoaka an'ireo teboka lehibe manaitra ireo, hoe, "Eo amin'ny farany isika. Eto isika." Mino aho fa ity taranaka misy ity, izay eto an-tany izao ankehitriny izao, no hahita ny Fihavian'ny Tompo Jesosy. Valo amby efapolo taona aho. Mety tsy hahita an'izany aho. Tsy fantatro. Mety ho tonga rahampitso izany. Saingy, mino aho fa misy sasany eto izay hahita ny Fihavian'ilay Anankiray Marina, ny fiafaran'ny fotoana. Ary mino aho fa ny ankamaroantsika rehetra, indrindra izay ato amin'ity fiangonana ity izao maraina izao, dia tsy ho faty amin'ny fahanterana mihitsy, mandra-pahitantsika ny iray amin'ireo zavatra mahatsiravina indrindra mitranga, izay hany nitranga tamin'ny vahoaka iray, izay hitranga mihitsy ato amin'ity firenena ity. Izany no fahamarinana.

57 Rahalahy, efa nihoatra an'ireo fetran'ny famindrampo isika hany ka tsy misy na inona na inona tavela afa-tsy ny fitsarana, fa ny marina dia tsy ho voasazy miaraka amin'ny tsy marina. Ho avy Andriamanitra, ary hanavotra Ny Fiangonany Jesosy, ka hiakatra eny amin'ny habakabaka isika hitsena Azy. Ary ho any ankoatra lavitry ny baomba rehetra Izany na ireo olana rehetra, ka ho voaaro isika mandritr'izany fotoana izany.

58 Noho izany, rankizy, miverena amin'Andriamanitrareo, haingana mihitsy. Aza mifamatotra amin'izao tontolo izao amin'ny inona na inona. Mijanòna any ivelan'ity izao tontolo izao moderina ity. Mijanòna any ivelan'ireto teolojia moderina ireto. Jereo fotsiny ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra. Vakio ny Baibolinareo ka mivavaha, isan'andro. Aza reraka. Aoka hifaly, sambatra, fa akaiky ny fanavotana an'ilay Fiangonana, izay hahitantsika Azy Izay maty ho antsika.

59 Ny lahatenintsika dia natao somary hifanaraka amin'ilay taona amin'izao andro izao. Eo am-panombohana, ny Soratra voalohany, izay novakiako tao amin'ny Nomery. Niresaka ny amin'ny vahoaka iray izay nantsoina hivoaka avy tao amin'ny firenena malaza iray, mahery izany izay akaiky, ary nahazo ny fitsaran'izy ireo.

60 Tiako ianareo hahazo fa tsy hijanona tsy ho voasazy ny fahotana, tsy mampaninona, na ao amin'ny firenena iray izany, na fiangonana iray, na tokantrano iray, na isam-batan'olona iray. Tsy maintsy voalamina eo amin'ny fototry ny fitsarana ny fahotana. Tsy misy fomba hafa. Tsy azo onerana izany, manao hoe, "Nanao ratsy aho, ankehitriny dia hanao tsara aho." Tsy hety izany. Tsy afaka manao fampihavanana ianareo, samirery, satria efa vita ny fampihavanana.

61 Fiaikena iray izany, hoe diso ianareo, ary avy eo dia tonga ka manitsy.

62 Noho izany, tsy maintsy voalamina ny fahotana, ary mandamina ny fahotana amin'ny alàlan'ny fitsarana foana Andriamanitra. Izany no antony nahafatesan'ny Tompontsika tamin'ny fahafatesana izay Nahafatesany, teo Kalvary, dia satria zavatra iray tena nampahatahotra io fahotana io, ka napetraka teo Aminy io fitsarana ny fahotana io. Ka ireo izay maniry, dia afaka mandeha malalaka, amin'ny finoana Azy sy ny fanekena Azy ho sakan'ny fahotany. Tsy hoe mety ho tsara toy ny ahoana isika, fa ahoana no inoantsika sy anekentsika Azy. Ary rehefa manaiky Azy isika, dia miditra ao am-pontsika Izy, ary eo no misy an'ilay ampahany tsara. Tsy eo amin'izay azontsika atao izany; eo amin'izay efa Nataony izany, sy izay efa Nataony ho antsika. Eo no misy ny hoe, "Izy dia voalefona nohon'ny fahotantsika, ary notorotoroina nohon'ny helotsika, ary ny famaizana ho an'ny fiadanantsika dia natao teo Aminy; ary tamin'ireo Dian-kapony no nahasitranana antsika."

63 Ankehitriny, ireto olona ireto dia efa tany Egypta nandritry ny efajato taona teo. Ary mahafantatra tsara an'ilay fandehanana lehibe an'ny zanak'Isiraely isika rehetra, ary ahoana fa, tany, dia natolotr'Andriamanitra an'ireo Egyptiana izy ireo. Ary ratsy fitondra azy ireo izy ireo, satria ny Tenin'Andriamanitra no nilaza fa hanao an'izany izy ireo.

64 Ankehitriny, nampanantena an'i Abrahama Andriamanitra, efajato taona, fa hivahiny any amin'ny tany hafa iray ny vahoakany. Ary rehefa nanakaiky ilay fotoan'ny teny fikasana, dia nanao ny zavatra rehetra vonona ho tanteraka Andriamanitra.

65 Oh, tiako fotsiny izany, rehefa mieritreritra an'izany aho. Ao amin'ilay fotoana sarotra mihitsy! Tsy tara iray minitra Izy. Ara-potoana mihitsy Izy. Raha afaka ny ho tahaka an'izany fotsiny isika! Oh, miezaka manosika an'ilay zavatra isika. Miezaka isika ny manao an'ilay izy ho fotoantsika. Fa tsy afaka manao an'izany mihitsy isika. Andriamanitra no manao an'izany amin'ny Fotoany. Tsy afaka manao an'izany ho hafa isika.

66 Omaly, nitsangana tany ambadiky ny tokontany an'ny—an'ny anabaviko aho izay mipetraka eo akaikin'ny varavaranay, Ranabavy Wood, dia nahamarika tranon-dandy kely iray izahay izay niforona teo ambonin'ny hazo iray. Ary nitsoka azy nandroso sy niverina ny rivotra. Ary niteny an'izany izy, hoe, tao amin'ny Streams Of The Deserts, mino aho, no namakiany lahatsoratra iray mikasika ny tranon-dandy. Olitra kely no miditra ao ka manamboatra akora kely iray manodidina azy, mba hiaro azy mandritry ny hatsiaka. Ary, fa rehefa tonga ny fotoana . . .

67 Ity olona izay efa nikarakara ilay biby kely ity, dia nahita ilay tranon-dandy kely mihetsika sy miolanolana izy ireo. Ary nalahelo an'ilay biby kely izy ireo, noho izany dia nihevitra izy ireo fa hanapaka ny tendron'izany fotsiny ka hamela an'ilay biby kely hivoaka. Satria, rehefa mivoaka avy ao izy, dia hanana elatra. Niditra izy toy ny bibikely iray, na olitra kely iray, mivoaka izy niaraka tamin'ny elatra, tao amin'ny toerana iray nomem-boninahitra kokoa. Ary raha niolanolana izy, sy nisintona, sy nitsipatsipaka, sy nikapoka, sy nanaikitra, ary niezaka hivoaka avy tao amin'ilay tranon-dandy, dia nalahelo azy izy ireo. Noho izany dia nihevitra izy ireo fa hanome azy hitsin-dàlana iray fotsiny, noho izany dia mandeha maka an'ireo hety izy ireo ary manapaka ny tendrony. Ary rehefa tapahan'izy ireo ny tendrony, dia mivoaka ilay biby kely. Saingy tsy tsara mihitsy izy, satria tsy nanana hery izy tao amin'ny vatany. Izy tsy nanana . . . Tsy afaka nampiasa an'ireo elany izy.

68 Ary heveriko fa tahaka an'izany no niezahantsika nanao hala-tahaka, manao hoe, "Mandohaleha eo amin'ny alitara!" Ary—ary milaza an'*ity, itsy,* na ny *hafa,* ka miezaka mitondra ny

olona hiverina amin'Andriamanitra, na ao amin'ny fiangonana, na hanatona an'i Kristy. Avelao fotsiny izy ireo hitomany an'izany. Izay ihany. Miasà fotsiny amin'ny fanaonareo hivoaka avy ao amin'izany. Izay ihany. Raha miezaka manome azy ireo hitsin-dàlana anankiray ianareo, dia tsy afaka hitsangana mihitsy izy ireo. Tiako fotsiny ny mahita azy ireo mitolona sy miasa amin'izany mandra-panomezan'Andriamanitra azy ireo ny tena Fahaterahana iray, amin'ny fomba ara-boajanahary, manome azy ireo an'ilay tena Fahaterahana fotsiny. Izao fotsiny. . .

Hoy ny olona hoe, "Eny, malala, heveriko fa efa nivavaka betsaka ianao."

69 Mijanòna eo fotsiny mandra-pahavonona anareo hanidina. Izany ilay zavatra tokana. Manana fomba iray fanaovana an'izany Andriamanitra.

70 "Oh, eny, raha te-ho tsara ianareo, dia mandehana fotsiny mikambana amin'ny fiangonana. Mama dia nandeha nankao amin'ilay fiangonana iray ihany."

71 Mety ho tsara mihitsy izany. Saingy, fantatrareo, mila fahafatesana iray ny mitondra fiainana iray. Ary tsy maintsy maty isika, hany ka, amin'izay fotoana izay, dia tena maty isika mba ahafahan'ny Fiainana vaovao iray hiditra. Amin'izay fotoana izay dia hisy vidiny ireo elatsika; ary ny—ny fahatsapantsika, izay ananantsika, dia hisy vidiny ho an'ireo hafa sy ho an'ny tenantsika.

72 Tsy vonona ny Isiraely. Fa Andriamanitra dia vonona. Ary nanana zaza kely iray teraka Izy, tamin'ny anarana hoe Mosesy. Ary teo mihitsy izy, teo amin'ny faha-efapolo taonany, mba hamoaka an'ireo zanaka, saingy tsy vonona ny Isiraely. Ary nohon'ny antony tsy nahavonona azy ireo, dia tsy maintsy niasa mafy nandritry ny roapolo taona amboniny izy ireo, na efapolo taona amboniny, izay ilay izy. Efapolo taona amboniny, izy ireo dia tsy maintsy—tsy maintsy niasa mafy, tany Egypta. Nefa, tokony ho afaka nivoaka izy ireo, efapolo taona talohan'io, raha vonona fotsiny izy ireo.

73 Vonona Andriamanitra, satria nanakaiky ilay fotoan'ny teny fikasana. Nandefa Anjely iray teto an-tany Andriamanitra, mba hanao ny olona ho vonona, mba hanatanteraka Ny Teniny, satria mihazona Ny Teniny foana Andriamanitra. Hoy Izy tamin'i Mosesy hoe, "Hitako ny fahorian'ny Oloko, ary Reko ny fitarainan'izy ireo sy ireo antsoantson'izy ireo noho ireo mpampiasa. Ary nahatsiaro Aho. Nahatsiaro Ny Teniko Aho, ny Fampanantenako." Lasa ny efajato taona, fa mbola nahatsiaro Ny Teniny foana Andriamanitra.

74 Saiky roa arivo taona izay no lasa, fa mbola mahatsiaro Ny Teniny foana Andriamanitra. "Ho avy indray Aho ka handray

anareo ho an'ny Tenako; ka izay misy Ahy, no hisy anareo koa." Ary mino aho fa manakaiky ilay fotoan'ny teny fikasana.

75 Mariho. Raha niresaka Izy ary nivonona, ary efajato taona no lasa, ary ara-potoana miaraka amin'Ny Teniny Andriamanitra. Avy eo dia hitantsika fa . . . afaka efapolo taona amboniny.

76 Ary mety hijanona eto aho mba hilaza an'ireto teny ireto fotsiny. Ankehitriny dia afaka manonona amiko ianareo, satria fantatro fa mandeha eo amin'ny horonam-peo izany ao ambadika ao. Mino aho fa isika dia . . . Ny Fihavian'ny Tompo Jesosy dia efa tokony ho nisy ela be. Mino aho fa efa tokony ho nisy ela be izany. Fa, ilay izy dia noho ilay Fiangonana, izay tsy vonona hihaona Aminy.

77 Ankehitriny, raha hahamarika ianareo, dia hoy Izy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa." Tamin'ny andron'i Noa, talohan'ny safo-drano, ho toy ny ahoana izany. Ary tsy sitrak'Andriamanitra ny hahalevona ny rehetra, fa mba hahatonga ny rehetra ho amin'ny fibebahana, noho izany dia naharitra Izy. Ilay dingan'ny safo-drano dia efa tokony ho nisy ela be. Tany Egypta, efa tokony ho nisy ela be izany. Azonareo ve ilay izy? Tao amin'ilay fandravàna talohan'ny safo-drano ankehitriny; efa tokony ho nisy ela be, ilay fandravàna tao amin'ny fitsarana. Ary ny fivoahana avy tany Egypta; efa tokony ho nisy ela be, nihoatra efapolo.

78 Fa tapa-kevitra Andriamanitra. Tapa-kevitra Andriamanitra fa tsy hiverina Aminy Ny Teniny. Hihazona Ny Teniny Izy. Tsy maintsy mihazona Ny Teniny Izy. Tsy maintsy manao an'izany Izy, mba ho Andriamanitra. Raha tsy maintsy manao fa—fanovana ny zavatra rehetra Izy, ary, nohon'ny fahasoavana no Hanaovany an'izany.

79 Izany no antony ilazako . . . raha tsy manao ny Tenany ho vonona ilay Fiangonana. Adidinareo izany, ny ho vonona. "Efa nanao ny Tenany ho vonona ny Ampakarina." Voaloa ireo fitafiana. Vonona izy ireo, saingy tsy maintsy vonona ny hanao an'ireo fitafiana ireo ianareo. "Efa nanao ny Tenany ho vonona ilay Fiangonana."

80 Ankehitriny, rahalahy, henoy. Raha tsy vonona ilay Fiangonana, dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto Andriamanitra. Raha tsy manitsy ny tenany ity olon'ny fahamasinana ity, ka miverina ao amin'ilay lamboridy indray, hiverina amin'ny Filazantsara, Andriamanitra dia hanangana avy . . . Afaka mitondra an'ireo Katolika Izy, ireo Presbyterana, na inona Iriany hatao. Hataony izany.

81 Herinandro vitsy lasa izay, tany Lima, Ohio. Maro, ny sasany aminareo, dia mipetraka eto ankehitriny, izay nanatrika. Teo anivon'ny Presbyterana, Batista, ary Metodista, nirohotra nankeo amin'ny alitara izy ireo. Nandray sy namaly ny

Filazantsara izy ireo, tsara lavitra kokoa, tsara lavitra kokoa noho ny, matetika, ataon'ny olon'ny fahamasinana. Manana an'izany ao an-tsaintsika fotsiny isika, hoe nantsoina tamin'Ny Anarany masina isika, nefa mamela an'ilay izy handeha tahaka an'izany. Midika mihoatra noho ny antsoina amin'Ny Anarany izany. Izany dia midika hoe velona ho Azy Izay maty ho anareo. Fiainana iray izany, fiainana iray voatokana ho an'Andriamanitra. Oh, toy ny ahoana no ilantsika, miverina amin'ny Baiboly!

82 Teto hariva vitsy lasa izay, dia nilaza tamin'ireo Loterana aho, izay . . . tao amin'ilay fivoriana tany. Ankehitriny dia hoy fotsiny izy ireo hoe, "Omeo kolejy dimy amboniny tahaka an'io izahay, ireo Loterana, fa ny iraika amby fitopolo tamin'izy ireo dia nandray ny Fanahy Masina tamin'io andro io tao amin'ilay kolejy," rehefa tany aho. Hoy izy, "Omeo sekoly dimy amboniny izahay tahaka an'izany, ka raha maharitra folo taona ny Tompo, dia hanana an'ilay fiangonana Loterana manontolo feno ny Fanahy Masina izahay." Oh, oadray! Azo antoka.

83 Andriamanitra dia afaka, avy amin'ireto vato ireto! Hanana Fiangonana iray Izy voatolotra, tsy misy pentina, na fikentronana, na kilema iray. Ampy tanteraka ny Fahasoavany, ary afaka manao mihoatra, betsaka Izy.

84 Ary nilaza aho, teto vao tsy ela akory izay, fa nanana an'ilay jiro fanilo ho an'izao tontolo izao ireo Loterana. Inona no nitranga? Raha ianareo no hazavan'izao tontolo izao, ianareo vahoaka Loterana, indray mandeha, tamin'ny fanavaozana voalohany, dia inona no nitranga tamin'ny jironareo? Inona, maty ve izany? Ity no antony nahafaty azy, dia satria nilaozanareo ny Tenin'Andriamanitra. Nino ianareo fa, "Ny marina ho velona amin'ny finoana," izay ny Fahamarinana tanteraka tokoa. Fa misy mihoatra noho izany, "Ny marina ho velona amin'ny finoana."

85 Avy eo dia tonga ny Metodista. Izy ireo, ianareo olona Metodista, naka an'ilay jiro fanilon'ny fanamasinana ianareo, ka nihazona an'ilay jiro fanilo ho an'ny fifohazana lehibe iray. Marina daholo izany. Fa, inona no nitranga, inona no nitranga tamin'ilay fiangonana Metodista? Izany dia satria mamela an'ilay jiro ho faty ianareo. Izany no nitranga. Ary nitory ny fanamasinana ianareo, ilay asa faharoa voafaritra an'ny fahasoavana, izay pozitifa, ny Fahamarinana, amin'ny alàlan'ny Baiboly, saingy avelanareo handeha amin'izany fotsiny ilay izy.

86 Ary avy eo dia tonga ireo Pentekotista, niaraka tamin'ny famerenana an'ireo fanomezam-pahasoavana. Ary niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, ary avy eo dia nanao foto-pampianarana iray avy tamin'izany. Ary avy eo dia inona no nitranga? Maty ny jironareo. Inona ny olana? Izany dia satria diso amin'ny fijanonana amin'ny Teny ianareo.

87 Ny Tenin'Andriamanitra no sokafantsika, ary tsy maintsy misokatra isika araka ny isokafan'ny Tenin'Andriamanitra.

88 Arakaraky ny isokafan'ny fotoana, no isokafan'ny siansa. Ary raha ilay tontolo ara-boajanahary. . . Ity olona ity dia ilay olona iray ihany izay naha-izy azy enina arivo taona lasa izay, rehefa nanao azy Andriamanitra. Izy no ilay ara-tsaina iray ihany. Izy no ilay fahaizana iray ihany. Ilay olona iray ihany mihitsy izy, miaraka amin'ireo taovam-panamboloana dimy iray ihany, izay naha-izy azy an'arivony taona lasa izay. Fa jereo izay fandrosoana vitany tao anatin'ny dimampolo taona lasa. Jereo izay nataon'io zanak'Andriamanitra lavo io. Namorona fiara izy, sy radio, sy jiro elektrika, sy baomba atomika, ary fiaramanidina haingam-pandeha. Jereo hoe haingana toy ny ahoana. Mivadika haingana ireo pejy eo amin'ny siansa.

89 Fa miezaka ny hiraikiraiky eo amin'ny fanekem-pinoam-piangonana tranainy iray isika, ary hitsangana eo, nefa tian'Andriamanitra isika hanokatra ny Teny. Miaina ao amin'ny andro farany isika. Miaina ao amin'ny fotoana izay tokony hitsanganan'ilay Fiangonan'Andriamanitra lehibe tsara tarehy eo an-Tongony isika, mamirapiratra tahaka ny Lisin'ny Lohasaha.

90 Fa mijanona any aoriana isika, ny anankiray, "Eny, mikambana amin'ny Presbyterana aho, ny Metodista, ny Pentekotista. Izaho dia *ity*, na *itsy*." Oh, fahafaham-baraka iray toy ny inona!

91 Tokony hisokatra isika; miraraka ny Fanahin'Andriamanitra. Tsy hoe boiboika kely anankiray fotsiny, tsy batisa kely anankiray; fa, batisa aorian'ny batisa! Tsy fanambarana iray hoe, "ny ho velona amin'ny finoana," na, "fanamasinana," na, "ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy." Fa, fanambarana aorian'ny fanambarana, hery aorian'ny hery, voninahitra aorian'ny voninahitra! Nahoana, tokony ho eo amin'ny faran'ilay làlana isika, vonona ho an'ny fampakarana. Ary miraikiraiky eo amin'ireo zavatra fahiny isika, ka manao hoe, "Eny?" Manohy miverina isika. Ndao isika handroso!

92 Hoy ireo Hebreo ireo hoe, "Ankehitriny, eto, dia voafahana tsara mihitsy isika, na dia miasa mafy aza. Ary ankehitriny isika dia manana an'ireo zavatra izay ananantsika, manana an'ireo vilanin-tongolo gasy isika, sy ny sisa, noho izany dia aoka isika ho afa-po."

93 Fa, nanana fanambarana iray i Mosesy. Efa tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy. Nanana zavatra hafa izy. Niverina izy ary naneho tamin'izy ireo fa ilay tena Andriamanitra izay nisy an-jato taonany maro talohan'io mihitsy, no ilay tena Andriamanitra iray ihany. Ary nanao famantarana sy fahagagana teo anatrehan'izy ireo Izy, mba hanaporofo fa Izy no ilay tena Andriamanitra tsy miova.

94 Oh, isaorana anie Ny Anarany! “Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.” Ireo fizaram-potoana no miova, ireo fotoana no miova, ny olona no miova. Fa, Andriamanitra dia mitoetra. Tsy maintsy ho ilay tsy miova Izy, isan’andro. Ny Teniny no Fahamarinana Mandrakizay. Tsy afaka miovaova miala amin’Izany Izy, avy amin’ny ankavanana na mankany ankavia. Tsy maintsy mijanona ho tsy miova Izy.

95 Avy eo dia hitantsika izay miseho. Indro tonga i Mosesy, miaraka amin’ireo famantarana. “Efa tao amin’ny Fanatrehan’Andriamanitra aho. Efa nahita an’Andriamanitra aho, ary nanao zavatra lehibe Andriamanitra.” Nanao hetsika iray an’ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra izy. Nanao hetsika hafa iray izy, toy ny fahagagana iray. Ary nasehony tamin’izy ireo fa ilay tena Andriamanitry ny Lanitra mihitsy no niseho taminy. Rehefa lasa ireo an-jato taonan’ny ivelan’ny voajanahary, dia nasehony fa mbola velona foana Andriamanitra.

96 Ary Andriamanitra no naniraka azy, ka nanao hoe, “Mandehana teneno amin’izy ireo fa ‘IZAHO NO IZY’ no naniraka anao.” Tsy hoe “Izaho izay nisy” na “Izaho izay hisy.” “IZAHO NO IZY,” fotoana ankehitriny iray! Izy dia tsy “Izaho izay nisy.”

97 Ahoana no ahafahan’ny olona mihambo ho avy amin’Andriamanitra, nefa manao hoe, “Efa lasa ireo andron’ny fahagagana, ary efa tapitra ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra sy ireo fitahiana rehetra,” nefa mbola milaza foana hoe, “Izy no Andriamanitra velona, ary ilay IZAHO NO IZY”? Raha Izy no “IZAHO NO IZY,” dia tena misy tahaka Azy tao amin’ilay roimemy nirehitra mihitsy Izy.

98 Izany Anarana lehibe izay Nisehoany tany izany, tsy mbola nisy mahay hany afaka nandika an’izany, J-v-h-u. Tsy misy olona . . . Izy ireo dia miantso an’izany hoe “Jehovah,” saingy tsy izany ilay izy. Tsy misy olona afaka mandika an’izany.

99 Nahoana? Izany ilay Anankiray Mandrakizay. Amena. Mitoetra ao amin’ny Hazavana Izy. Mitoetra ao amin’ny Mandrakizay Izy. Mitoetra ao anatin’ny tsi-fahafatesana Izy; mandrakizay “IZAHO NO IZY.” Haleloia!

100 Mijanona eo ambonin’io Vatolampy mafy io ny finoako. Tsy misy na inona na inona hany afaka handratra rehefa mifikitra eo amin’io Toerana io ianareo. Mety hanozongozona sy hamely azy ny tafio-drivotra, fa mihazona ao anatin’ilay voaly ny vatofantsiko. Rehefa namikitra ny lehilahy iray na vehivavy iray ka nanaiky an’izany, dia tsy misy na inona na inona hany afaka hanozongozona anareo hiala amin’izany.

101 Tahaka ny fotoan’izy ireo ho an’ny fanafahana mihitsy, nefa diso tamin’ny fahitana an’izany izy ireo, dia toy izany koa ny

fotoana ho an'ny fanafahana, ireo baiko handehanana ho an'ilay Fiangonana. Antomotra izany.

102 Jereo, ry sakaizako. Inona no nananan'izy ireo? Voalohany, ny Teny. Faharoa, mpaminany iray. Fahatelo, Anjely iray hitarika azy ireo, mba hitari-dàlana azy ireo. Ny tsirairay avy dia nifanaraka tamin'ilay hafa; izy telo ireo. Ny Teny dia nifanaraka tamin'ny mpaminany; ary ny mpaminany dia nifanaraka tamin'ny Teny; nifanaraka tamin'izy telo rehetra ireo ilay Anjely, izy rehetra. Ny Teny; ny mpaminany; Anjely iray! Vonona ho an'ilay fandehanana izy ireo.

103 Oh, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo Andriamanitra! Eo amin'ny andro farany isika; ny Teny, ny mpaminany, ary ny Anjely, izy telo rehetra ireo miaraka, vavolombelona lehibe anankiray. Nilaza foana Andriamanitra hoe, "Amin'ny vavan'ny vavolombelona roa na telo, no aoka hanorenana mafy ny teny rehetra." Ary ny mpaminany marina iray dia hifanaraka foana amin'ny Teny; ary ny Anjely rehetra dia hanambara ny Fahamarinana. Amena. Vonona ho an'ny baiko handehanana isika. Azo antoka.

104 Ary namoaka ny olona Izy. Teny amin'ny làlan'izy ireo, dia nanomboka nihodina nanohitra an'ilay mpaminany izy ireo, sy nanohitra an'ilay Anjely, sy nanohitra an'ilay Andriamanitra, ary nanohitra ny Teny. Ary tafiditra tao anatin'ny olana izy ireo. Hoy ny Baiboly hoe, "Nisy vahoaka betsaka nifangaro izay nandeha niaraka tamin'izy ireo." Vahoaka betsaka nifangaro no nivoaka.

105 Inona izany? Efa vita ilay ivelan'ny voajanahary. Efa nisy fahagagana sy zava-mahagaga. Ny olona rehetra, ny olombelona iray, dia maniry mafy ny hahita ny ao ambadiky ny lamban'efitra izay nihaviany, sy izay handehanany indray andro any. Maniry mafy ny hahita ny ao ambadiky ny lamban'efitra izy. Fa, matetika, rehefa vita ireo asa ivelan'ny voajanahary, amin'izay fotoana izay dia misy vahoaka betsaka mifangaro izay mandeha.

106 Izany no nitranga tamin'ny andron'i Luther. Rehefa ilay mifangaro. . . Niezaka namoaka azy ireo Andriamanitra hatramin'io andro io. Ary tamin'ny andron'i Luther, "Ny marina ho velon'ny finoana." Notsapain'izy ireo izany, ary nozahan'izy ireo toetra, ka hitany fa izany ilay izy. Vahoaka betsaka nifangaro no nandeha. Ary vantany vao lasa i Luther, dia inona no nitranga? Nandrafitra an'ilay fiangonana izy ireo ary nanao rafitra ara-pivavahana goavana be iray. Ary rehefa nanao izy ireo, dia niverina teo amin'ny talantalana ny fiangonana.

107 Tonga i John Wesley avy eo, iray amin'ireo mpiady lehibe, mahery an'ilay taona antenantenany. Ary nivoaka avy hatrany izy ka nanohitra ny fiangonana Anglikana, sy nanohitra ny fiangonana Katolika, ary nanohitra an'izao tontolo izao, hoe,

"Hoy ilay Andriamanitra masina hoe, 'Tsy maintsy miaina masina ny olona!'" Ary nijanona teo amin'ny Fampanantenany izy, ny teny fikasan'Andriamanitra, ka nitondra fahagagana iray. Inona no nitranga? Nanomboka niaraka taminy ilay vahoaka betsaka nifangaro. Ary rehefa lasa i Wesley, tamin'izay fotoana izay dia niditra ilay vahoaka betsaka nifangaro. Ary inona no nataon'izy ireo? Nanimba ny fiangonana, hany ka maro amin'izy ireo no tsy hanana an'ireo hiran'ny "Rà" akory aza ao amin'ireo bokin'ny hira fideran'izy ireo. Izany tokoa.

108 Eny, taorian'izany dia tonga ny Pentekotista, ary nanomboka nahita an'ireo fanomezam-pahasoavana ny Pentekotista. Vantany vao tonga teo amin'ireo fanomezam-pahasoavana izy ireo, ny zavatra voalohany. . . Ny fanomezam-pahasoavana kely indrindra ao amin'ilay vondrona manontolo dia "miteny amin'ny fiteny tsy fantatra." Izany no farany sy kely indrindra. Andriamanitra dia nanomboka azy ireo tamin'ny zavatra kely, nefa tsy afaka nihazona an'izany akory aza izy ireo.

109 Jereo eto. Ny fanomezam-pahasoavana voalohany, ao amin'ny laharan'ireo fanomezam-pahasoavana, dia ny fahendrena; ny faharoa dia ny fahalalana. Ary raha tsy manana fahendrena mihitsy ianareo, dia ahoana no ahafantaranareo an'izay hatao amin'ny fahalalana? Katsaho aloha ireo zavatra tsara indrindra, fahendrena. Ary raha tsy manana fahendrena ianareo, dia inona no azonareo atao amin'ny fahalalana, na fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, na ireo zavatra hafa ireo? Mila fahendrena izany. Mila ny *fahendren'*Andriamanitra izany. Hoy Solomona hoe, "Antsoy ho reninao izany." Marina.

110 Fa inona no nataon'izy ireo? Nandray ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ireo Pentekotista, ary nanao anarampiangonana iray avy tamin'izany izy ireo. Dia nandeha izy ireo, nanao hoe, "Ity no Izy." Azo antoka, nandeha izy ireo. Ary vahoaka betsaka nifangaro no nandeha niaraka tamin'izy ireo.

111 Ary, amin'izao andro izao, dia inona no nitranga tamin'ireo Pentekotista? Misy fizarana roa amin'izy ireo. Ny iray amin'izy ireo dia mangatsiaka mihitsy, sy ara-pomba, sy henjana, ary madity, arak'izay maha-izy azy ireo. Ary ilay anankiray hafa dia aorian'ny andiana isma goavana iray; diloilo sy rà mikoriana avy eny an-tànan'izy ireo, sy ny zavatra hafa rehetra, manerana ny firenena, ka miantso an'izany ho porofon'ny Fanahy Masina; sy sahona, sy androngo, sy ny sisa, mitsambikina avy ao amin'ny olona, ary avy eo dia mametraka an'izany ao anatin'ny alikaola, sy ny sisa. Ny olona rehetra dia mahafantatra fa ny devoly iray dia tsy manana vatana ara-batana.

112 Ary raha niraraka teo amin'ny lehilahy iray ny Ràn'i Jesosy Kristy, dia vatana ara-nofo iray izany, hoe efa tonga Kristy; fa diso izany, amin'izay fotoana izay.

113 Ny Baiboly no nilaza, rehefa tonga Jesosy, hoe, “Ny lohalika rehetra handohalika, ary ny lela rehetra hiaiky.” Izy dia ho. . . “Ny Fihaviany dia ho tahaka ny hazavana izay avy any atsinanana ka hatrany andrefana, dia ho toy izany koa ny fihavian’ny Zanak’olona. Ny lohalika rehetra handohalika, ary ny lela rehetra hiaiky.” Fantatsika fa marina izany.

114 Noho izany, rehefa mahita an’ireo zavatra ireo mitranga isika, rehefa mahita an’ireo zavatra ireo miseho isika, amin’izay fotoana izay dia fantatsika fa misy vahoaka betsaka mifangaro izay nandeha niaraka tamin’ny olona. Afaka kelikely, ny fizarana anankiray lasa nifindra tany amin’ny ilany iray, ny anankiray lasa nifindra tany amin’ny ilany hafa. Ary io ny vahoakanareo mifangaro. Io indray ny fihetsikareo. Eo no ahatongavanareo.

115 Ary rehefa nanao tahaka an’izany ilay izy, dia tonga teo amin’ny toeran’i Kadesy-barnea izy ireo. Ary rehefa tonga tao Kadesy-barnea izy ireo, dia izany no sezam-pitsarana izay tsy maintsy handaminana an’ireo fizahan-toetra.

116 Oh, raha afaka mahazo an’izany fotsiny mantsy ianareo, ry fiangonana kely! Ankehitriny eto no tiantsika ho terena vetivety fotsiny. Henoy tsara ankehitriny. Kadesy-barnea no fotoan’ny fitsapana. Ary ny zanaka rehetra izay manatona an’Andriamanitra dia tsy maintsy tsapaina. Tsy misy fanavahana, mihitsy. Andriamanitra no mitsapa sy mizaha toetra ny zanaka tsirairay izay manatona Azy. Marina ve izany? Ny Baiboly no nilaza fa izany izy ireo. Ary, satria, mahamarika isika ankehitriny rehefa tonga ireo fizahan-toetra ireo, sy ireo fitsapana.

117 Misy ireo fotoan’ny fitsapana tonga ho an’ireo firenena. Ankehitriny, milaza an’izao aho, tsy politisiana iray aho. Andriamanitra dia mitantana ny Fireneny manokana. Tsy mitantana an’ireto firenena ireto Izy; ny devoly no mitantana azy ireo. Ny tsirairay avy amin’izy ireo, ny Baiboly no nilaza fa izany izy ireo. Ny devoly no miasa amin’ny firenena rehetra. Mariho rehefa tonga ny fotoan’ny fitsapana ho an’ny firenena.

118 Rehefa tonga ny fotoan’ny fitsapana ho an’ny Isiraely, dia tsy nahomby izy. Ary, rehefa nanao izy, dia natolotr’Andriamanitra ho an’i Babylona izy. Amin’ny maha-firenena iray, dia tsy nahomby izy.

Ary rehefa tonga ny fotoan’ny fitsapana ho an’i Roma, dia tsy nahomby izy.

Rehefa tonga ny fotoan’ny fitsapana ho an’i Grèce, dia tsy nahomby izy.

Rehefa tonga ny fotoan’ny fitsapana ho an’i Frantsa, dia tsy nahomby izy.

Rehefa tonga ny fotoan'ny fitsapana ho an'i Rosia, dia tsy nahomby izy.

119 Henoy. Ary milaza an'izao amin'ny fo manaja an'Andriamanitra aho. Tonga ny fotoan'ny fitsapana ho an'i Amerika, ary tsy nahomby izy. Efa notoriana avy any atsinanana nankany andrefana ny Filazantsara, avy any avaratra nankany atsimo. Nitety ny toerana kely rehetra izy ireo, ary ny tataka sy ny zorony. Fifohazana lehibe no nivoaka, ny an'i Billy Graham sy Jack Schuler, sy ny an'i Oral Robert. Ary izy ireo dia, oh, an-jatony tamin'izy ireo fotsiny, no nitety ny tataka kely tsirairay sy ny zorony. Nanipy televiziona iray ny devoly tany, ary avy eo dia nampiasain'Andriamanitra nanodidina izany mba hanipy ny olona teo amin'ny televiziona; ary ny mamolava rehetra ao amin'ny trano fisotroana, na aiza na aiza misy azy, dia hitsangana tsy misy fialan-tsiny. Eny, tompoko. Tonga ny fotoan'ny fitsapana. Inona no noteneniko taminareo avy teto amin'ity polipitra ity? "Tamin'ny taona lasa, dia nanao ny fahadisoany mahafaty i Amerika." Hoy aho hoe, "Fahadisoana mahafaty!" Azo antoka fa nanao izy.

120 Ary jereo izay ataony ankehitriny. Hitanareo izany ao amin'ireo raharahan'ny governemanta. Miezaka ny handeha avy hatrany izy ireo ka hifandray amin'ireo Arabo. Tsy fantatrareo ve? Hoy ny Tenin'Andriamanitra hoe, "Na iza na iza manozona ny Isiraely dia ho voaozona." Izany tokoa.

121 Mitsangana miaraka amin'ny Isiraely aho. "Alaivo ny taninay? Halain'izy ireo izany." Izany tokoa.

122 Manao zavatra ratsy izy ireo. Azo antoka, manao izy ireo. Rahalahy, jereo ny firenena rehetra izay nihodina nanohitra ny Jiosy; nilentika izy ireo. Jereo i—jereo i Alemaina rehefa nihodina nanohitra ny Jiosy izy, ka nandoro an'ireo vatana tao anatin'ny fandoroana faty izy ireo; dia jereo hoe inona ilay izy amin'izao andro izao. Jereo i Italie, izay nihodina nanohitra an'ireo Jiosy, rehefa noroahin'i Mussolini niala tany Italie izy ireo; jereo izy amin'izao andro izao. Raha tsy isika no namahana azy ireo, dia ho matin'ny hanoanana izy ireo.

123 Ary indro tonga ny Filazantsara ka nanome antson'ny famindrampo iray nanerana ny firenena, nandritry ny taona maro, nefa nolavintsika izany. Ary miasa ankehitriny, ilay devoly izay maka ny sezany, dia mamadika ny fon'ireo lehilahy ara-politika hanohitra ny Isiraely, ary mifandray amin'ireo Arabo izy ireo any. Rahalahy, vita tsara mihitsy ny amintsika. Marina izany. Hilentika isika, azo antoka tahaka an'izao tontolo izao.

124 Tiako ny fireneko. Tiako izy, izay tohanany. Saingy, rahalahy, tiako ambonin'ny zavatra rehetra ny Tompoko. Ary tiako ny mahita ny fireneko ho eo amin'ny lohaliny, saingy matahotra aho fa tsy hanao an'izany mihitsy isika. Eo amin'ny

andro farany isika. Inona no nitranga? Niditra ny vahoaka betsaka nifangaro.

125 Diniho ireo fiangonantsika, taona vitsy lasa izay, rehefa nanana an'ireo fiangonan'ny fahamasinana tamin'ny fanao fahiny izy ireo, rehefa nijoro ho an'Andriamanitra sy ny marina izy ireo, rehefa niakanjo sy nihetsika tahaka ny ramatoa ireo vehivavy, rehefa niakanjo sy nihetsika tahaka ny lehilahy ireo lehilahy, rehefa nandeha tany am-piangonana ny olona ny Alahady maraina, rehefa nanao an'ireo fivoriam-bavaka nandritry ny alina manontolo izy ireo, rehefa nanana an'ilay karazana fanao fahiny izy ireo. Nanana tena fifohazana iray izy ireo. Nitahy Andriamanitra. Novonoiny teo anatrehan'izy ireo ny fahavalo tsirairay. Nanao dia izy ireo. Fa rehefa niditra tao amin'ny toby ilay vongam-bolamenan'i Akana, dia tsy nisy tavela afa-tsy ny fandravàna. Eo amin'ny tenintsika isika, Andriamanitra. . . eo amin'ny làlantsika. Mihazona Ny Teniny Andriamanitra.

126 Tonga ny fotoan'ny fitsapana. Tonga ho an'ny fiangonana Loterana ny fotoan'ny fitsapana. Tonga ho an'ny fiangonana Metodista ny fotoan'ny fitsapana. Tonga ho an'ny fiangonana Pentekotista ny fotoan'ny fitsapana. Tonga ho an'ny fiangonana tsirairay izany. Tonga ho an'ny olona tsirairay izany. Ny fotoan'ny fitsapana.

127 Ary fomba tokana ihany no hany ahafahanareo mahafantatra fa marina ny anareo: mijanòna miaraka amin'ny drafitr'Andriamanitra Mandrakizay. Mijanòna amin'ny Teny. Izay lazain'Andriamanitra, dia manaova hoe, "Marina izany." Aza mandray na inona na inona latsaka na inona na inona mihoatra. Nahoana isika no tokony hanana mpisolo ho an'*ity, itsy,* ary ny *hafa,* nefa ny Tenin'Andriamanitra dia feno teny fikasana? Eny, tompoko. Tsy mila maka mpisolo mihitsy isika. *Ity* no Fahamarinana. Mihazona Ny Teniny Andriamanitra. Tsy mampaninona na toa tsy mitombina toy ny ahoana aza Izany, mihazona Ny Teniny Andriamanitra, na ahoana na ahoana. Nihazona tokoa Izy.

128 Inona no mba ho nolazain'ny raibenareo raha ny rain'ny raibenareo no niteny taminy fa ho avy ny fotoana iray izay hitetezan'ireo kalesy an'ireo làlambe nefa tsy misy soavaly? Ho nihomehy azy izy, angamba. Saingy, eto izy ireo. Marina.

129 Ahoana ny amin'ireo zavatra hafa izay hiseho ireo, rehefa vita ireo faminaniana lehibe rehetra ireo? Fa, eto isika.

130 Ary indray andro any dia ho tonga Jesosy, io fiandrianana be voninahitra an'ilay Zanak'Andriamanitra io. Izy no nampanantena fa Hataony izany. Izy no nampanantena fa hitsara ny fahotana Izy. Rahalahy, na ianareo hanaiky ny fanatitra nomanin'Andriamanitra ho an'ny fahotana, na ianareo

hahatanty an'izany irery ao amin'ny Fitsarana; firenena, fiangonana, na isam-batan'olona. Ny fotoan'ny fitsapana!

131 Diniho, naniraka olona iray izy ireo, roa ambin'ny folo tamin'izy ireo, mba hahita an'izay ho lazain'izy ireo. Niverina ny folo tamin'izy ireo, nanao hoe, "Oh, tsy vitantsika izany! Tsy azo atao izany. Tsy vitantsika mihitsy izany."

132 Fa Kaleba antitra kely sy Josoa, niakatra teo ambonin'ny vodihazo iray, hoy izy ireo hoe, "Afaka manao an'izany isika. Afaka mahavita an'izany isika."

133 Nahoana? Miankina amin'izay jerenareo ilay izy. Raha mijery ny any ivelany ianareo hoe, "Tahaka an'izao ve ilay izy? Ilay izy ve tahaka..." Aza mijery an'izay lazain'ireo olona ireo, na izay lazain'ny zavatra hafa. Raha mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra ilay izy, dia mijanòna amin'ny Teny.

134 Andriamanitra no nampanantena azy ireo an'io tany io. Izany no nametrahan'i Kaleba sy izy ireo ny fanantenany.

135 Vakio ny Bokin'ny Deoteronomia, jereo hoe ahoana no nanitsian'i Mosesy azy ireo. Hoy izy, "Izaho efa nanao an'*ity*, ary izaho efa nanao an'*itsy*. Ary Andriamanitra nanao an'*ity*, sy nilaza an'*ity*. Fa tsy nanao ianareo." Mijanona amin'ny Fampanantenany Andriamanitra.

136 Oh, indraindray dia toy ny hoe sarotra ilay izy. Ankehitriny, tiako ianareo hihaino an'ity. Sarotra ilay izy... Ady iray izany.

137 Tany Egypta lavitra tany, dia hoy Andriamanitra hoe, "Efa Nomeko anareo io tany io, sy izay rehetra ao anatiny." Ankehitriny, tsy nilaza fotsiny mihitsy Izy hoe, "Haka anareo Aho, hitondra anareo any ary hametraka anareo." Tsy maintsy niady ny inch tsirairay an'ilay tany izay nananany izy ireo.

138 Andriamanitra, rehefa nandidy an'i Josoa Izy tany, dia hoy Izy hoe, "Mahereza tsara; aza matahotra, na koa hivadi-po ianao: fa ny Tompo Andriamanitrao no momba anao na aiza na aiza alehanao."

139 "Ny Tompo Andriamanitrao no momba anao na aiza na aiza alehanao." Tsy mampaninona na inona ilay izy, na sarotra toy ny ahoana aza ilay izy, na lehibe toy ny ahoana aza ilay sakana, tsy mampaninona izany. Raha ao amin'ny lohasaha aloky ny fahafatesana izany, "Ny Tompo Andriamanitrao no momba anao na aiza na aiza alehanao."

140 Oh, toy ny ahoana no nahafahan'i Josoa niantso ny Isiraely niaraka, nanao hoe, "Mitsangàna eto ka diniho ny voninahitr'Andriamanitra." Miaraka amin'Ny Teniny Andriamanitra. Andriamanitra no nanao ny teny fikasana. Hoy Andriamanitra tamin'i Josoa hoe, "Ny toerana rehetra izay ipetrahan'ny faladian'ny tongotrao, dia anao izany. Homeko anao izany." Amena.

141 Raha ho an'ny famonjena izany, raha ho an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izany, raha ho an'ny fitahiana bebe kokoa izany, raha izany dia ho...?...raha ho an'ny zavatra rehetra izay nampanantenain'Andriamanitra izany, dia mametraha dian-tongotra! Amena. "Ny toerana rehetra izay ipetrahan'ny faladian'ny tongotrao, dia Nomeko anao ho fananana iray izany." Andriamanitra no nampanantena an'izany. Mihazona Ny Teniny Andriamanitra. Marina mandrakizay ny Tenin'Andriamanitra. Mino an'Izany aho. Mino an'Izany ianareo. Rahalahy, izao no fotoana hametrahantsika dian-tongotra. Tsy afaka mijanona eto amin'ity toby iray ihany ity mihitsy isika. Manohy mandroso ilay Afo. Ndao isika handroso, avy amin'ny voninahitra mankany amin'ny voninahitra, avy amin'ny fahatsapan'ny Baiboly mankany amin'ny fahatsapan'ny Baiboly. Ndao isika hanokatra sy hamaha ny fontsika, hanangana ny tànantsika amin'Andriamanitra. Aoka ho tony saina; mijanòna ao amin'ny Baiboly. Aza mivoaka any ivelan'Izany. Mijanòna tsara Eo.

142 Manaraha! Manana ny Mpaminanin'Andriamanitra isika; manana ny Tenin'Andriamanitra isika; ary manana an'ilay Anjelin'Andriamanitra isika. Izy no mitarika an'ity Fiangonana ity tahaka ny Nitarihany azy marina tokoa tamin'ireo andro ireo. Marina tokoa izany. Eo anoloantsika ny Tenin'Andriamanitra; ny Mpaminanin'Andriamanitra dia ny Fanahy Masina; ny Anjelin'Andriamanitra no mitarika an'ilay Fiangonana. Mandroso ao anatin'ny Andry Afo isika, ao amin'ny Voninahitr'Andriamanitra, "Miara-mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy." "Ankehitriny dia zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika." Ary ilay fanambarana lehibe an'ny Teny, ny Fanahy Masina no mandentika an'Izany ao am-po, ka mamokatra an'ireo hazon'ny famonjena, fiainana marina, fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahatsaram-panahy, fahamoram-panahy, faharetana. Azo antoka fa izany ilay izy!

143 Tsy hitranga amin'ny Branham Tabernacle iray fotsiny ihany izany, na amin'ny tabernakla hafa iray. Mitranga amin'ny isambatan'olona izany. Raha mitambatra ao anatin'izany saina iray izany ny Branham Tabernacle manontolo, dia handroso ao anatin'ny firaisana goavana anankiray ho an'Andriamanitra ilay zavatra manontolo. Fa raha misy anankiray fotsiny ihany ato amin'ity Branham Tabernacle ity no mihetsika tahaka an'izany, dia hihetsika miaraka amin'izany anankiray izany Andriamanitra.

144 Ary fomba tokana ihany no hanaovana an'izany, izany dia, ny milahatra amin'Izany, mandroso. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Mihazona Ny Teniny Andriamanitra.

145 Nahoana, hoy ireo lehilahy ireo hoe, "Tsy afaka manao an'izany isika. Tsy afaka hanana fifohazana iray isika any.

Manohitra antsika ny zavatra rehetra. Oh, oadray! Eo ireo Amorita, sy ireo Hetita, ary ny rehetra. Voaisy manda izy rehetra. Ary tahaka ny tsingetana isika."

146 Fa Josoa antitra kely, teo amin'ny efapolo taona teo, nikapoka ny tenany teo amin'ny tratra. Ary nilaza i Kaleba, nitsangana teo i Kaleba, nilaza. Hoy i Kaleba hoe, "Mba fantatrareo moa? Mihoatra noho ny mahavita an'ilay izy isika!" Oh, rahalahy! Jiosy kely bitika, mifaingok'orona no nitsangana teo, niantsambotra ambony-sy-ambany, nanao hoe, "Mihoatra noho ny mahavita isika! Tsy mahavita fotsiny ihany isika, fa mihoatra noho ny mahavita isika!" Nahoana? Andriamanitra no niteny an'izany! [Mitehaka ny tànany miaraka indroa Rahalahy Branham.] Milamina hatreo izany.

147 Rahalahy, afaka mahazo fanasitranana isika. Afaka mahazo fahagagana isika. Afaka mahazo fifohazana isika. Afaka mahazo ny fitahiana isika. Nahoana? Andriamanitra no niteny an'izany! Afaka mahazo Pentekosta marina iray isika. Afaka mahazo tena fifohazana iray isika. Andriamanitra no niteny an'izany! Mihazona ny Fampanantenany Andriamanitra.

148 Tahaka ny ihazonan'Andriamanitra ny Fampanantenany amin'ireo Fitahiany mihitsy, no ihazonan'Andriamanitra ny Fampanantenany amin'ny Fitsarany. Tsy maintsy mandray fitsarana isika na ny fitahiana. Tsy maintsy mandroso isika na mihemotra. Tsy maintsy mandeha miaraka Aminy isika, na mandeha irery. Tsy misy olona afaka mandeha any miaraka amin'izany. Mijanòna eo amin'Ny Teniny.

149 Afaka mieritreritra ny sakaizako tena tsara iray aho, izay efa lasa any amin'ny Voninahitra; oh, rahalahy antitra voatahy, lehilahy masina iray, feno ny Fanahy Masina, amin'ny anarana hoe Paul Rader. Indray mandeha, tany amin'ny Morontsiraka Andrefana, talohan'ny nahafatesany mihitsy, fantatrareo ny fijoroany vavolombelona. Ny hirany izay nosoratany hoe, *Minoa Fotsiny,* izany no niantso ahy ho eo amin'ny polipitra. Manontany aho raha i Paul, any amin'ny Voninahitra, no mandre an'ilay hira fahiny izay nohirain'ireo an'arivony sy an'arivony, ary amin'ny fiteny samihafa. Ahoana no nahafantarany fa io zazalahy antitra kely mahantra nipetraka teo anoloany io tany, nanao kiraro rovidrovitra, ary tsy nanao karavato akory aza, nila volo tapaka, hoe Andriamanitra no namela ahy hitondra an'io hira io manerana an'izao tontolo izao! Mihazona Ny Teniny Andriamanitra.

150 "Izaho, ny Tompo, no namboly Azy; Izaho no hanondraka Azy andro aman'alina," hoy Izy, "fandrao hisy handrombaka Azy amin'ny Tànako."

151 Mety toy ny hoe milentika izy, saingy tsy hilentika mihitsy. Oh, io sambo kely antitra io tamin'io alina io, rehefa lasa ny fanantenana rehetra, ary nihilangilana izy, toy ny hoe teo ilay

ora farany. Fa, tampoka teo, dia nisy Olona iray tonga nandeha teo ambonin'ny rano, tony mihitsy. Eo foana Izy. Tsy tara mihitsy Izy. Kapoka anankiray amboniny dia ho nilentika ilay sambo. Fa eo foana Izy. Izany tokoa.

152 Tamin'io andro io, tany Babylona, rehefa niditra tao anatin'io lafaoro afo io ireo zanaka Hebreo, dia toy ny hoe tonga ilay tena farany. Fa, rehefa niditra izy ireo, "dia nisy Anankiray tahaka ny Zanak'Andriamanitra," nitsangana teo akaikin'izy ireo. Eo foana Izy. Tsy tara mihitsy Izy. Mihazona Ny Teniny Izy. "Homba anareo Aho."

153 "Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny ratsy aho," hoy i Davida. Eo foana Izy.

154 Mihazona ny Fampanantenany Izy. Mandrakizay Izy, Marina. Tsy mety diso Izy. Tsy mety diso mihitsy Ny Teniny. "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy mety levona mihitsy."

155 Nilaza i Paul, indray mandeha, fa izy dia nanana to—tolona iray. Tany amin'ireo nosy izy ary tratry ny tazo. Saiky zato maily miala amin'ny dokotera iray izy. Tao amin'ireo honahona, ary ilay honahona, ny tazon'ny rano mainty no nahazo azy; ary fahafatesana tampoka izany. Dia maizina ny andro. Ary niteny tamin'ny vadiny kely, mahatoky izy, nanao hoe, "Mitsangàna eto akaikiko mihitsy, malala, ka mivavaha. Lasa tena maizina ilay izy ato amin'ny efitra, saingy," hoy izy, "mino an'Andriamanitra aho. Ary tsy ahoako izay mitranga. Mino an'Andriamanitra aho. Hijanona tsara amin'izany aho." Hoy izy, "Mijanòna eto ianao ka mivavaha, malala." Dia nivavaka izy. Ary nihamaizina kokoa ny andro, hoy izy, "Malala, miha-maizina ato amin'ny efitra. Saingy, oh, mahatsapa miadana aho."

156 Ary afaka kelikely, dia tena maizina ny andro, lasa izy. Niditra tao amin'ny nofy iray izy. Nihevitra izy fa nanonofy. Niverina tany Oregon izy, izay nihaviany, nanapaka hazo iray. Dia hoy ilay sefo hoe, "Paul, miakara ery an-tampon'ny tendrombohitra ery, ka manapaha hazo iray ho ahy, *izao* inches ny hateviny, *izao* inches ny halavany, ary ento midina eto amiko izy."

Hoy izy, "Eny àry, sefo. Hataoko izany."

157 Nandeha niakatra teny izy, ary nikapa ny hazo keliny tranainy, nametaka ny famaky tao anatiny, niondrika mba hitondra azy, fa tsy afaka nanainga azy fotsiny izy. Izy fotsiny . . . Hoy izy hoe, "Nahavery ny heriko aho. Tsy afaka mandeha lavitra intsony aho. Nahavery ny heriko aho. Nahoana," hoy izy, "inty aho, lehilahy goavana iray. Milanja mihoatra ny roanjato livatra aho. Manana ozatra lehibe iray aho, ao an-damosina. Nahoana," hoy izy, "nanery ny lohaliko hitambatra fotsiny aho taloha, dia nitondra saiky ny haben'ny vatan-kazo rehetra, ary afaka nanangana azy ireo mba hametraka

rojo eo ambanin'izany." Hoy izy hoe, "Ary eto, hoe izaho... rantsan-kazo kely, tsy goavana kokoa noho *izao,* nefa tsy afaka nanainga azy aho." Hoy izy, "Niady mafy aho ary nanandrana, mandra-pahalasan'ny heriko rehetra. Oh," hoy izy. "Noho izany dia nieritreritra aho hoe, 'Inona no azoko atao?'" Hoy izy, "Nipetraka aho ary niankina tamin'ny hazo iray." Hoy izy hoe, "Oh, tena malahelo aho. Mila an'io hazo kely io ny sefoko ery, nefa tsy lehilahy betsaka akory aza aho hitondra azy hidina."

158 Oh, ny ilain'ny Sefontsika! Mila Fiangonana iray tsy misy pentina Izy, tsy misy fikentronana. Mila andian'olona voasasan'ny Rà iray Izy. Mila vahoaka iray miaraka amin'ny finoana Izy, izay hitsangana eo amin'Ny Teniny ka hanao hoe, "Izany no Fahamarinan'Andriamanitra Mandrakizay. Izany no dikany ho ahy, ary mino an'Izany aho."

159 Ary nilaza, raha nipetraka teo izy, fa niankina tamin'ny hazo iray izy, ary nitomany. Ary nilaza izy fa nandre ny sefony niteny, ka nanao hoe, "Paul?"

160 Dia hoy izy hoe, "Eny, sefo, inty aho. Saingy veriko ny heriko rehetra. Tsy afaka mandeha lavitra intsony aho. Efa niezaka nanao aho, ary efa niezaka aho nankatò anao sy nanao an'izay nolazainao hatao, saingy tsy afaka manala an'ity zavatra ity amin'ny tany fotsiny aho." Hoy izy hoe, "Nitolona aho. Nanandrana aho. Nanao ny zavatra rehetra aho."

161 Ary manontany fotsiny aho raha tsy izany no toetran'ny mpitory teny tsara tso-po maro amin'izao andro izao, izay naniry mafy ny hahita Fiangonana iray naorina tsy nisy pentina na fikentronana, mba hahita an'ireo teny fikasan'Andriamanitra tonga voaseho. Niady mafy sy niezaka isika, sy niantsoantso ary nitomany, sy nitory teny mandra-pahatongantsika ho farimpeo, ary nandry teo ambonin'ny ondantsika ka nitomany. "O Andriamanitra, nahoana ilay izy, vantany vao tafarina mihitsy izahay, dia miditra ny devoly, ary mamotika sy manimba, mandrava fotsiny ny zavatra rehetra izay anananay? Inona no azonay atao rehefa mahita ny olonay maha-te-ho tia izahay, ary ahoana fa nihahaka izy ireo ary lasa saiky tahaka an'izao?"

162 Noho izany dia nilaza izy, rehefa nandre ny feony, an'ny sefony, dia nieritreritra izy hoe, "Toa hafahafa izany. Tsy mbola nandre ny feoko niteny mihitsy aho...io sefo io niteny tamiko tena mora fanahy."

163 Dia hoy izy, "Rehefa nitodika aho, dia ny tena Sefoko ilay izy. Ny Tompoko ilay izy, ny Mpamonjiko."

164 Hoy Izy hoe, "Paul, mitolona ho faty fotsiny ianao. Tsy hahasoa anao izany." Hoy Izy, "Paul, tsy hitanao ve io onindrano kely mandeha eo io?"

Hoy izy hoe, "Hia."

165 Hoy Izy hoe, “Atsipazo ao anatiny ao fotsiny ilay zavatra. Miakara eo ambonin’izany ka manohiza mitainga hatrany amin’ny toby. Mandeha hatrany amin’ny toby izany.”

166 Hoy izy hoe, “Nitsamboatra aho ary nanakodia an’ilay vatan-kazo tao, ka nitsambikina teo ambonin’ilay vatan-kazo. Nidina namakivaky an’ilay rano marivo, nihiakiaka tamin’ny tampon’ny feoko fotsiny, nihiakiaka hoe, ‘Mitaingina eo amboniny aho! Mitaingina eo amboniny aho! Mitaingina eo amboniny aho!’”

167 Ary rehefa nahatsiaro tena izy, dia teo afovoan’ny gorodona mihitsy izy. Ary nihiakiaka tamin’ny tampon’ny feony ny vadiny. Teo afovoan’ny gorodona izy, nanao hoe, “Mitaingina eo amboniny aho! Mitaingina eo amboniny aho! Mitaingina eo amboniny aho!”

168 Ary, rahalahy, ranabavy, fantatro fa sarotra ireo fizahan-toetra. Miha-antitra aho, ary efa nitory teny. Efa nanao ny zavatra rehetra izay fantatro hatao aho. Tonga eo amin’ny toerana iray aho, eo amin’izay ahitako fa tsy afaka manao intsony aho. Nametraka an’ilay zavatra manontolo teo amin’ny lohaliky ny Tompo Jesosy fotsiny aho, ary mitaingina eo ambonin’izany. Mitaingina eo ambonin’ny teny fikasan’Andriamanitra aho hoe, “Izaho Tompo no namboly Azy. Izaho no manondraka Azy, andro aman’alina, fandrao hisy handrombaka Azy amin’ny Tànako.” Haharitra mandrakizay ny Fiangonan’Andriamanitra.

169 Ny Tenin’Andriamanitra dia hijoro, marina tanteraka, mandrakizay. Ary tsy mampaninona raha tonga ireo fanjakana, na milatsaka ireo baomba atomika, na miverin-dàlana i Amerika, na inona na inona miseho, *Ity* No Teniny. Mihazona an’Izany Izy. Ary mitaingina eo ambonin’Izany aho. Mino an’Izany amin’ny foko rehetra aho.

Ndao isika hivavaka.

170 Jesosy finaritra, oh, fitaingenana iray toy ny inona! Midina eo ambonin’ireo onjam-pifaliana, midina mamakivaky ny fikorian’ny haleloia, oh, mitaingina eo ambonin’izany fotsiny! Ianao no nampanantena. Marina daholo ireo Fampanantenanao. Ary fantatray fa ny tsirairay avy amin’izy ireo dia manambara fa marina izy ireo. Ary nandritr’ireo taona, dia nahita ny Baiboly tranainy voatahy nisokatra taminay izahay, ary manatona ilay ora lehibe ankehitriny, ilay oran’ny misasak’alina.

171 Tompo, mpitoriteny lehibe, masina an’ny Filazantsara no nandeha nitety ny firenena, nitory teny, nitomany, nisotro rano tsotra, nenjehina, noroahina avy teo amin’ny andry nankeo amin’ny tsato-kazo, voaroaka avy tao an-tanàna, nogadraina, noesoina, novingavingaina, nihomehezana, noana.

172 Fa, nanohy nandroso avy hatrany ilay Fiangonana, satria hoy Ny Teninao hoe, “Eo ambonin’ity vatolampy ity, no Hanorenako

Ny Fiangonako, ka ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy mihitsy." Ary mitaingina eo ambonin'izany izahay, androany, ilay Vatolampy, ny Fahamarinan'Andriamanitra Mandrakizay, voambara an'i Jesosy Kristy Tompo. Eo ambonin'io Vatolampy mafy io, no ijoroan'ilay Fiangonana androany. Ireo ateista, ireo kominista, ireo singan'ity tany ity, dia nitsangana, ary nikapoka sy nisafoaka izy ireo. Fa, miorina eo ambonin'io Vatolampy mafy io izy.

173 Ny devoly dia nandefa—nampiditra an'ireo mpitsikera. Esoina Izany. Enjehina Izany. Antsoina amin'ny zavatra rehetra Izany, eto amin'izao tontolo izao. Ary nosedraina mafy izahay, ka notsapaina sy nozahan-toetra, ary, oh, ny zavatra rehetra. Fa, O Andriamanitra, tahaka an'i Kaleba sy Josoa fahiny, dia mbola milaza foana izahay fa mitsangana Mandrakizay eo amin'ny Tenin'Andriamanitra izahay. Mihazona ny Fampanantenany Izy. Izy no nilaza fa hanao an'izany Izy, ary mino an'izany izahay.

174 Ary enga anie ny isam-batan'olona tsirairay eto izao maraina izao, hahazo fahitana tsara an'izany ankehitriny, ny dikan'izany, hoe ankehitriny—ankehitriny dia mitaingina eo ambonin'Ity izahay. Indray andro any dia ho tonga any amin'ny toby izahay, izay itobian'ireo olo-masina eo amin'ny tavan'ny tany. Andriamanitra sy ireo Zanany dia hifaly, mandrakizay. Ekeo izany, Tompo.

175 Ary raha mbola manondrika ny lohantsika isika, ny masontsika mikimpy, ato amin'ity tabernakla ity izao maraina izao, dia manontany aho raha, amin'ny Anaran'i Kristy, raha misy olona iray hanana herim-po hanao hoe, "Rahalahy Branham, amin'ity andro ity, izao ankehitriny izao, ato amin'ity fiangonana ity, dia manangana ny tànako amin'i Kristy aho ankehitriny, ka manao hoe, 'Manomboka amin'ity andro ity, manomboka izao, dia hitaingina eo ambonin'Ny Teninao aho, Tompo.' Hitsangana eo aho, hanaiky an'i Kristy ho Mpamonjiko; tsy hiezaka hanao zavatra mihitsy mba hiezaka ho mendrika ny famonjeko manokana. Hino ny Tompo Jesosy fotsiny aho ary hanaiky Azy. Ary hamela Azy hametraka an'io fitiavana Masina lalina io ato am-poko, sy ilay fiadanana izay mihoatra ny fahazoana rehetra. Hiandry ny Fanahy Masina aho hanome ahy . . . Nitsangana aho, indray mandeha, ary nihevitra fa afaka handeha hanao an'ilay izy, saingy hitako fa tsy afaka aho." Azo antoka, tsy hahavita mihitsy ianareo. Fa, raha hijanona ela eo fotsiny ianareo, mandra-Panaony an'izany, amin'izay fotoana izay dia hijanona eo izany, avy eo dia mifikitra izany.

176 Fa raha manandrana manao an'izany fotsiny ianareo, dia tsy hahomby, ary tsy maintsy tsy hahomby ianareo. Izany no antony anananareo an'ireo ambony-sy-ambaninareo, sy anatiny-sy-ivelany, ary ireo zavatra rehetra izay ataonareo. Izany dia satria ianareo no miezaka manao an'ilay izy. Hoy ianareo hoe, "Oh, mino aho fa mety tsara aho ankehitriny." Tsy izany ilay izy. Izany

dia tsy—tsy izany ilay izy. Tsia. Ny Fanahy Masina no miditra. Izy no maka an'ilay toerana. Izy no manala an'ireo fakan'ny fahangidiana rehetra, ilay fahatezerana ratsy, sy hatezerana, sy fialonana, ary ny fitiavan'izao tontolo izao sy ny sisa. Manala ny rehetra ao aminareo izany, ary avy eo dia olom-baovao iray ianareo.

177 Hanangana ny tànanareo ve ianareo, hanao hoe, "Kristy, ataovy ho izany karazana Kristiana izany aho, izao maraina izao." Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Ary Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. "Ataovy ho izany karazana Kristiana iray izany aho, izao maraina izao. Te-hitovy amin'i Jesosy aho. Tiako hiala ao am-poko ireo fakan'ny fangidiana rehetra."

178 Ankehitriny, efa nisy maro taminareo no nanangana ny tànanareo. Ankehitriny, eo amin'izay misy anareo mihitsy, raha sitrakareo, amin'ny fonareo rehetra ankehitriny, tsy—tsy mieritreritra fotsiny, fa mino fa Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, dia mitsangana eo akaikinareo mihitsy, ka hanaisotra an'io fangidiana ratsy io hiala aminareo, hanao anareo an'izay irianareo haha-izy anareo, Hataony izany eo amin'izay misy anareo mihitsy. . . Hanao ny fandidiana ao amin'ny hopitali*nareo* Izy, raha hamela Azy hanao an'izany fotsiny ianareo.

Fa ny zavatra rehetra azo atao, minoa fotsiny.

Minoa fotsiny, minoa fotsiny,
Ny zavatra rehetra azo atao, minoa fotsiny;
Minoa fotsiny . . .

179 Manohiza mivavaka fotsiny. Tompo . . . Tsarovy, rankizy, ny fanahinareo izany. Ianareo dia mety tsy ho ao amin'ny fivoriana hafa iray, mihitsy. Mety ho ity no anankiray farany. Avelao Andriamanitra hanao an'izany izao ankehitriny izao.

180 Hoy ianareo, "Rahalahy Branham, tokony hanatona ny alitara ve aho?" Raha tianareo ny hanatona, dia azo antoka. Raha tsy tianareo ny hanatona, dia mijanòna tsara eo amin'izay misy anareo.

181 Minoa an'izany fotsiny. "Izay mandre Ny Teniko, mino Izay naniraka ahy, no manana Fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fitsarana mihitsy; fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Izay ilay izy.

182 Raha tianareo ny hanatona ny alitara ka hivavaka, dia misokatra izany. Te-hijanona eo amin'izay misy anareo ianareo, ka hivavaka; ny fanahinareo izany, izany dia, ianareo ilay anankiray.

183 Antomotra ny fotoana, rahalahy. Efa saiky vita mihitsy ilay Fiangonana. Feno fotaka ilay ony antitra. Efa nanarato sy

nanjono isika, ary nanipy an'ireo pilao tranainy hany ka lasa namotaka ilay zavatra manontolo. Maro loatra ireo kisoa ao anatin'ilay fotaka. Mamotaka izy.

184 Tahaka ahy, mpitoriteny iray, mahatsapa an'ity fotsiny aho, hoe, raha hanao an'izany Andriamanitra, dia tsy maintsy mila an'Andriamanitra izany. Izaho tsy afaka. Noho izany, miankina aminareo izany. Izany no Teny, izany no Fahamarinana, mahita an'Izany miseho mihitsy ianareo eto anatrehanareo eto. Antomotra ny farany. Mety ho tonga amin'ny fotoana rehetra Jesosy. Mety tsy hisy Etazonia akory aza, amin'ny fotoana ilentehan'ny masoandro rahariva. Afaka nandefa baomba atomika dimy arivo indray mandeha izy ireo; dia tsy hisy zavamanan'aina iray akory aza eto an-tany, afaka ora iray hafa manomboka izao. Raha tianareo. . . Ankehitriny dia miankina aminareo izany.

Eritrereto izany ankehitriny raha mivavaka isika.

185 Ray any An-danitra finaritra, eo amin'ny famaranana an'ity Teny ity, raha mamadika an'ireo pejy aho, voaisy tombokase ny Hafatra ankehitriny. Manakaiky ny Fihavian'ny Tompo. Maro ato amin'ny tranobe, izao maraina izao, no nanangana ny tànany ka nilaza, tamin'ny alàlan'izany hoe, "Te-ho lasa Kristiana iray aho. Izaho dia te-ho tena, tena mpanompon'Andriamanitra iray nateraka indray."

186 Tompo, angamba taona maro, no efa Nifanarahanao tamin'ny fon'izy ireo. Ianao—Ianao no niteny an'izany tamin'izy ireo. Mbola nikasika azy ireo foana ny Fahasoavanao. Tsy vita tanteraka ny amin'izy ireo, tsy mbola. Ny sasany efa nandeha tany amin'ny toerana iray, tsy manana faniriana intsony izy ireo. Herintaona lasa izay, dia nanangana ny tànany izy ireo taloha, nanao hoe, "Eny, te-ho Kristiana iray aho." Ankehitriny dia lasa lavitra loatra ilay izy; tsy mahatsapa an'izany intsony izy ireo ankehitriny.

187 Saiky tapitra mihitsy ny rehetra! Ary toy ny hoe ilay firehana ankapoben'ilay firenena izany, mandre an'ireo evanjelista malaza, raha nitety ny firenena izy ireo. Nandefa mpanadihady izy ireo. Nanao ny zavatra rehetra izy ireo. Manana vondrona voarafitra izy ireo. Mamangy tokantrano izy ireo, ho an'ireo izay nanangana ny tànany ary nanandrana. Fa an'arivony sy an'arivony no nanomboka, roa na telo nihazona. Eny, tapitra ilay izy, Tompo. Tapitra ilay izy, Andriamanitra. Vita ny aminay.

188 O Ray, fantatro fa Ianao no nilaza, hoe, "Izay rehetra nanatona an'i Kristy, dia Hotehirizinao." Ary mino an'izany amin'ny foko rehetra aho. Ary mino aho, Tompo, fa hitahiry an'ireo izay manana fo sy saina miankina eo Aminao Ianao. Ary misaotra Anao aho, Tompo, ny amin'ilay Fiangonana, sy ny amin'ireo olo-masin'Andriamanitra velona izay ao anatin'io Fiangonana io, ity Vatana ara-panahy lehibe ity!

189 Fa, O Andriamanitra, toy ny ahoana no angovitan'ny foko ho an'ireo any ivelan'Izany, mahafantatra fa mahita an'ilay soratànana eo amin'ny rindrina izy ireo, nahita an'ireo zavatra lehibe nitranga, ireo andrim-pamantarana. Nefa i Amerika dia mbola feno vazivazy maloto ratsy foana, sy fandaharana tsy voasivana eo amin'ny televiziona, radio, ary tantarampitiavana, sy mpaniratsira sy mpihomehy, sy fotoana goavana an'ny sangisangy, ary fitoriana filazantsaran'i Hollywood.

190 Ary, O Andriamanitra, izany no—izany no oran'ny misasak'alina maneno, marina tokoa. Vonona ny handeha izy. Ary inona no azoko atao, Tompo? Nanahy aho; nitomany aho; nitalaho aho. Izaho—izaho. . . Eo Aminao fotsiny izany ankehitriny, Tompo. Izaho—izaho. . . Izay ihany no azoko atao. Efa nitory an'izany aho. Hitsangana tsara eo amin'ny Teny fotsiny aho, Tompo. Miezaka aho ny hitaingina hatrany amin'ilay toby ankehitriny. Tsy ho ela ny fotoana.

191 Ankehitriny, Andriamanitra, ho an'ireo izay manana fo mahitsy androany. Andriamanitra, manaova zavatra ho azy ireo izao ankehitriny izao. Aoka izy ireo ho lasa Zanakao, manomboka amin'ity andro ity.

192 Sitrano ny marary eto afovoanay, Tompo. Ataovy salama izy ireo. Avereno ireo mpiverin-dàlana mangatsiaka, Tompo. Ampahafantaro azy ireo fa izy ireo fotsiny dia. . . Milalao eo amin'ny tany tena mampidi-doza izy ireo. Tsy ho ela dia ho lasa izy ireo, ho tara loatra amin'izay fotoana izay. Ekeo ankehitriny mba hiasan'Ny Fanahinao betsaka aminay. Amin'ny Anaran'i Kristy. Amena.

193 Ho an'ireo olona tanora, dia hilaza an'izao aho: Raha afaka aho. . . Izao maraina izao, taorian'ny tsingerin-taona nahaterahana iray omaly an'ny valo amby efapolo taona tao amin'ity fiainana ity, roapolo taona mahery kely tamin'izany, teo amin'ny efatra amby roapolo taona teo no nolaniako ho an'ny Tompo Jesosy, raha mbola zazalahy iray teo amin'ny telo amby roapolo taona teo aho—no nanombohako nitory ny Filazantsara, raha misy nenina iray izay ananako, nenina iray, raha afaka hikasika bokotra iray aho izao maraina izao ka hiverina any amin'ilay—ilay taona mahafinaritra teo amin'ny enina ambin'ny folo na fito ambin'ny folo teo, dia ho tiako fotsiny ny hanao an'izany ho an'ny zavatra anankiray, izany dia ny hanompo an'i Kristy.

194 Izany no dikan'izany, manompo an'i Kristy irery. Andriamanitra Izay mahafantatra ny foko, dia mahafantatra fa marina izany, manompo an'i Kristy irery. Tsy mbola nahita na inona na inona mihitsy aho, na nieritreritra na inona na inona, izay hany mitaha amin'ity vatofantsik'i Kristy voatahy ato ampoko ity, tsy mahafantatra na inona na inona aho.

195 Efa nitety an'ireo ranomasina aho, nanidina teny amin'ny habakabaka aho, efa nahita an'ireo fahitana rehetra izay ananan'izao tontolo izao aho, efa nahita an'ireo zava-miafina fito an'izao tontolo izao aho, efa nahita an'ireo fahitana fito niavaka aho, raha ny marina, an'izao tontolo izao, efa nahita an'ireo sisin-tendrombohitra aho, tena akaiky, an'izao tontolo izao, izaho dia, mpihaza iray aho, efa nihaza tao amin'ny karazana firenena rehetra aho, efa nanao ny zavatra rehetra aho, nanjono, efa nitaingina soavaly aho, efa niasa tao amin'ny toeram-piompiana aho, efa nanao ny zavatra rehetra izay fantatro hatao aho, fa hilaza an'izao aho: hoe misy, ny rehetra amin'izany apetraka miaraka dia tsy hanao teboka kely iray amin'ny fitiavan'i Jesosy Kristy Tompo.

196 Inona no azoko atao? Inona no azo. . . Oh, eny, ireo ankizy kely eto ireo izany. Efa nanana an'ireo sakaiza vavy keliko aho, ary nandamina ny voloko. Ary nampidina ny fitaratra aloha teo amin'ny fiarako, ary nivoaka niaraka tamin'ny olon-tiako. Nieritreritra aho. . . Fa tsy nahafa-po mihitsy izany. Misy zavatra tsy ampy aminareo, isan'andro.

197 Efa nahita an'ilay zazavavy niaraka tamin'ny maso volontany tsara tarehy aho, ary izany dia. . . Fantatrareo hoe ahoana no tsapanareo, amin'ny maha-olona tanora. Nihevitra aho fa izay mihitsy ilay izy. "Raha afaka miaraka amin'io ramatoa tanora io fotsiny mantsy aho, izany fotsiny dia ho. . . izany dia ho—hanala ny ahiahiko rehetra mihitsy izany. Izany, hilamina hatreo mihitsy izany." Hanana fotoana iray miaraka aminy aho, ary hivoaka miaraka aminy, dimy ambin'ny folo minitra, ka hitady olon-kafa iray. Tsy mahafa-po mihitsy izany. Oh, tsy misy na inona na inona.

198 Fa, io ora voatahy io! Isaorana anie Ny Anarany! Tao amin'ny tranohevan-tsaribao tranainy kely iray, tao ambadiky ny tranobe iray, nandohalika teo ambonin'ny gonim-bozaka tranainy iray, tao amin'ny làlankely iray, izay nandohalehako tany tao amin'ilay tany mando, ka nanao hoe, "Tompo Jesosy, afaka manao zavatra ho ahy ve Ianao?" Tamin'izay ny fiadanana iray izay mihoatra ny fahazoana rehetra, efatra amby roapolo taona lasa izay, no namikitra tato amin'ity foko ity. Ary mendrika ny rehetra izay misy eto amin'izao tontolo rehetra izao izany. Tsy nahita na inona na inona mihitsy ampitahaina amin'izany aho.

> Tamin'ireo loza maro, asa mafy ary fandrika,
> No efa nandalovako;
> Ny fahasoavana no nitondra ahy ho voaaro hatreto,
> Ny fahasoavana no hitondra ahy.

199 Natoky Azy aho tao amin'ireo oran'ny aretina sy ny loza. Natoky Azy aho rehefa nihodinkodina tao anatin'ny tafio-

drivotra ireo fiaramanidina, ka tsy fantatrareo hoe inona. Hoy aho hoe, "Tompo Jesosy, nahavita ny amiko ve Ianao? Raha tsy izany, dia ahitsio ity fiaramanidina ity." Ary mahita azy mihetsika milamina, nankeo amin'ny toerany marina.

200 Nitsangana tao amin'ireo toeram-pitsaboana aho izay nisy an'ireo dokotera tsara indrindra tao amin'ireo firenena, mba . . . Dia nijery ahy izy ireo ka nanao hoe, "Minitra vitsy amboniny fotsiny sisa hahavelomana; eo am-pahalasanana izy." Ary nefa ireo dokotera tsara indrindra no azo nomena ahy.

201 Dia hoy aho hoe, "Tompo Jesosy, nahavita ny amiko ve Ianao?" Ary tampoka teo, dia tafaverina tamin'ny tenako aradalàna aho. Izany tokoa.

202 Oh, fahasoavana mahagaga, tena mamy ilay feo! Toy ny ahoana no aniriako hanana lela hanazavana hoe inona izany. Lehibe loatra izany ho an'ny fisainan'olombelona. Raiso ny teniko. Aza maka mpisolo iray, ry sakaiza. Aza maka mpisolo iray. Aza mandeha fotsiny ka manao hoe, "Eny, ankehitriny, manao an'*ity* aho. Izaho—teneniko aminao hoe inona, olona iray tena tsara aho." Aza miankina amin'izany. Aza manao an'izany. Mijanòna eo fotsiny mandra-pikasiky ny Zavatra iray mihitsy, manaisotra ny fahotana rehetra, ary mametraka oroka iray eo izay mirehitra mihitsy. Ary rehefa tonga ireo fizahan-toetra, dia tsy mila manontany ianareo raha hanao an'izany aho, misy Zavatra mihazona fotsiny eo.

203 Ary amin'ny maha-lehilahy antenantenan-taona ankehitriny, dia tsy maintsy tonga aho ka mieritreritra an'izao, hoe indray andro any dia tsy maintsy handeha aho. Raha maharitra Jesosy, dia tsy maintsy mandeha aho. Tsy fantatro hoe ho inona izany rehefa tonga eo amin'ny faran'ny làlana aho. Tsy fantatro. Tsy mitoky amin'ny toriteniko aho. Tsia, tompoko. Tsia, tsy mitoky amin'ireo zavatra izay nataoko aho. O Andriamanitra, tsia. Oh, ho lavitra ahy anie izany. Efa nanao zavatra aho, hatramin'ny naha-mpitory teny iray ahy, nanao tsirambina sy nanao an'*ity* sy *itsy*. Tsy te-hatoky na inona na inona aho, an'izany. Tsia, tompoko. Tsy te-hilaza aho hoe, "Tompo, nahazo fanahy mihoatra ny iray tapitrisa ho Anao aho." Tsy misy idiran'izany amin'io; tsy misy zavatra iray. Ny zavatra tokana itokiako, dia ny Fahasoavany, ny Fampanantenany, Ny Teniny.

204 Tompo, Ianao no nilaza. . .Na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny ratsy aho. Hoy Ianao hoe, "Tsy handao anao mihitsy Aho na hahafoy anao." Rehefa manery an'io ondana io aho, ka mikoriana avy eo amin'ny handriko ny hatsembohana mangatsiaka, dia ho eo Izy. Azo antoka mihitsy tahaka ahy mitsangana eto, ho eo Izy.

205 Rehefa mitory ny toriteniko farany aho, manakatona ny Baiboly ka hanalavitra amin'ny fotoana farany, tapitra ny asa;

ho eo Izy. Eny, tompoko. Ary azo antoka mihitsy tahaka ny inoako fa ho Avy Izy; rehefa tonga indray Izy, izaho dia ho eo, ihany koa. Eny, tompoko. Tsy hoe satria mendrika aho. Ilay izy dia satria Izy no mendrika, ho ahy. Ary manaiky an'izany eo amin'ny fototry Ny Teniny Mandrakizay aho. Ary fantatro, amin'ny alàlan'izany, fa nisy zavatra nitranga. Nisy zavatra nitranga. Tsy hoe tabataba firy no azoko atao, tsara toy ny ahoana no azoko lazaina. Raha izaho no mpitory teny malaza indrindra eto amin'izao tontolo izao, raha nanangana ny maty aho, na inona na inona, tsy misy idiran'izany amin'io. Ilay izy dia satria nisy zavatra nitranga. Nisy zavatra niseho *tato*. Izany no nanala an'ilay fialonana ratsy rehetra, sy fangidiana, sy ny ratsy, ary ny zavatra rehetra, avy tamin'ny foko. Ary ankehitriny dia tiako fotsiny Izy, andro aman'alina. Nisy zavatra nitranga. Tehahita Azy aho, indray andro any. Izaho dia tia anareo, ihany koa, ihany koa.

206 Ry fiangonana kely, mitolona ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra ankehitriny, aza mihemotra mihitsy amin'izao andro izao. Raha mihemotra ianareo, dia mibebaha haingana mihitsy, mitsambikìna miverina avy hatrany. Hitanareo? Raha tafintohina ny rantsan-tongotrareo, dia aza mianjera. Raha mianjera ianareo, dia mitsangàna. Mitsangàna. Oadray! Mitsangàna. Azo antoka.

207 Raha nanao fahadisoana iray ianareo. Ankehitriny, ao amin'io fifohazana ho avy io. . . Niverina fotsiny ianareo ary lasa mangatsiaka, tsy miraika. Mifohaza, mandehana eo amin'ny Baibolinareo. Mivoaha ao amin'ny saham-paoma any ho any. Mivoaha irery, ka manaova hoe, "Andriamanitra, inty aho ankehitriny. Miala tsiny aho ny amin'io zavatra io."

208 Hahazo karavasy iray ianareo ho an'izany, tsarovy fotsiny izany. Eny, tokoa. Hijinja an'izay afafinareo ianareo. Eny, tompoko. Fa, na inona na inona ataonareo, dia raiso eto ny karavasinareo. Mitsangàna avy hatrany ka miarena, ary manaova hoe, "Ray, inty aho. Karavasio arak'izay Hitanao fa sahaza aho, Tompo. Inty aho." Marina izany. Avy eo dia miverena avy hatrany, miaraka amin'ny "haleloia" iray ao amponareo. Raha mamela an'ilay karavasy hilatsaka eo aminareo Andriamanitra, dia manaova fotsiny hoe, "Eny, Tompo. Mendrika ny kely tsirairay amin'izany aho." Manohiza mandeha fotsiny. Hitondra anareo hatramin'ny farany Andriamanitra, eny àry. Hifarana izany, indray andro any.

209 Mieritreritra an'ilay hira fahiny tsara izay nohiraindRahalahy Neville sy izy ireo taloha aho hoe, "Ho vita tsy ho ela ny amiko, ny amin'ireo olana sy fizahan-toetra." Eny, marina izany.

210 Firy no tia Azy? Aoka ho hita ny tànanareo? Eny àry. Omeo naoty iray izahay, *Fahasoavana Mahagaga*. Aoka hilamina

fotsiny ny olona rehetra, iray minitra. Moramora ankehitriny.

Fahasoavana mahagaga! tena mamy ilay feo,
Izay namonjy mahantra iray tahaka ahy!
Very aho fahiny, fa hita aho ankehitriny,
Jamba aho, fa mahita aho ankehitriny.

Fahasoavana no nampianatra ny foko hatahotra,
Ary ny fahasoavana no nanala ny tahotro;
Sarobidy toy ny ahoana no nisehoan'io fahasoavana io
Tamin'ny ora ninoako voalohany!

Ankehitriny isika rehetra, miaraka.

Rehefa ao isika mandritry ny iray alina taona,
Mamirapiratra mazava tahaka ny masoandro;
Tsy hanana andro lany hihirana fiderana an'Andriamanitra isika
Mihoatra noho ny nanombohantsika voalohany.

211 Nandre an'i Doc Davis antitra aho taloha, maro amin'izy ireo, ary efa nandre maro tamin'ireo olo-masina antitra aho, rehefa tonga izy ireo, rehefa avy nandalo izy ireo, ka masaka ilay asam-panompoana. Efa nandre azy ireo niresaka mikasika an'izay tsapan'izy ireo aho. Manomboka mahafantatra an'izany fotsiny aho ankehitriny. Amena. Manomboka mahafantatra an'izany fotsiny aho. Oh, ahoana, zavatra iray mahafinaritra toy ny inona!

212 Inona no hifikirako androany? Ho aiza aho? Ho aiza ianareo? Amena. Inona no hataoko? Aiza? Inona no nitranga tamiko androany raha tsy noho i Kristy izany? Aiza no hifikiran'ireo fanantenako? Ho adala iray aho. Rehefa hitako izay vonona ny hitranga, ka fantatro fa izay ihany ny amin'izany, mandrakizay, oh, oadray, dia inona no hataoko?

213 Fa, oh, tena faly aho. Tena faly aho. Vao mangiran-dratsin'ny andro izao. Ao anatin'ny nofy iray fotsiny isika. Vonona ny hifoha isika. Oh, ao anaty nofy ratsy iray, mba ilazana azy; mba hivoaka avy ao amin'izany, mankao amin'ny lohataona iray; hatanorana mandrakizay, fahasalamana mandrakizay, fifaliana mandrakizay, fiadanana mandrakizay. Tsy mahafinaritra ve izany? Tena misy Izy!

214 Manontany aho hoe firy eto no marary ankehitriny, ka tehivavahana? Aoka ho hita ny tànanareo. Eny àry.

215 Te-hiteny aminareo an'izay nitranga tamin'ity herinandro farany ity aho. Efa nanana ny sasany tamin'ireo zavatra mahagaga indrindra mitranga ao amin'ny fivoriana isika, mazava ho azy, teo amin'ny lampihazo. Ary miditra ao amin'ny— ny karazan-javatra iray aho, izay toy ny hoe lehibe kokoa noho izay naha-izy azy fotsiny ilay izy.

216 Tonga teo amin'ny lampihazo aho, ary Andriamanitra dia nanome fanomezam-pahasoavana iray avy tamin'ny—ny fanomezam-pahasoavana ara-paminaniana iray, izay afaka... Any ankoatry ny fisalasalana izany. Afaka manaporofo an'izany aminareo aho, eto mihitsy. Hitanareo? Any ankoatry ny fisalasalana izany. Saingy hitako fa tsy manao an'ilay asa ho vita araka ny tokony hataony fotsiny ilay izy, satria fanomezam-pahasoavana iray fotsiny izany. Zavatra iray hafa, isam-batan'olona iray izany, hitanareo. Mikasika isam-batan'olona iray izany, amin'ny alàlan'ny fanomezam-pahasoavana iray.

217 Fa nanao zavatra aho indray andro, niezaka nitondra ny olona tany Oakland, teo amin'izay nisy mihitsy an'ilay...tao amin'ilay kianja lehibe tany. Hoy aho hoe, "Ny Fanatrehany fotsiny," ary nijanona tsara tamin'ity Teny ity fotsiny. Ary nitondra ny olona niaraka...Mba fantatrareo moa? Nisy fanasitranana betsaka noho izay inoako fa hany hitako tao amin'ny fivoriana iray niseho tany, ankoatr'ireo fivoriana goavana tahaka ny any Afrika sy ny manodidina tahaka an'izany, fa nohon'ny habeny. Ny olona dia mahafantatra fotsiny ny Fanatrehan'Andriamanitra, ao amin'ny fivoriana, mipetraka eo fotsiny ary miditra ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Ary nitsangana ny olona, sitrana; balamaso, nahitsy. Ary, oh, izany dia...

218 Mino aho fa ho avy ny fotoana iray izay ny...Hoy i Paoly hoe, "Eo amin'izay misy ny faminaniana, dia ho levona izany; eo amin'izay misy ny fiteny tsy fantatra, hitsahatra izy ireo." Mino aho fa ho avy ny fotoana iray izay hikambanan'ireo olo-masina tahaka an'izao, ary ny fanahin'ny fitiavana iray fotsiny no hanenika ny mpanatrika. Ary izao fotsiny, ny olona tsirairay ao anatiny ao, izay ratsy rehetra dia ho esorina. Hisy ny tena Fanatrehan'ny Fanahy Masina iray.

219 Mino aho, raha mbola hametra-tànana eo amin'izy ireo isika ka hivavaka ho azy ireo ankehitriny, dia fifandraisana iray angamba izany an'ny mpitoriteny iray voahosotra, ary mametra-tànana, ho fitahian'Andriamanitra iray fotsiny. Fa mino aho fa ho avy ny fotoana iray izay hiantsoana ny Fiangonan'Andriamanitra ho tena hivoaka, tahaka an'izany, izay hipetrahan'ireo olo-masina miaraka, ka hiditra fotsiny ny Fanahy Masina, hitory fitiavana fotsiny, tahaka ny tamin'ny Andron'ny Pentekosta mihitsy. Hitanareo? Ary hanasitrana ny olona fotsiny, sy hanangana ny olona, ary ireo zavatra lehibe. Manomboka mahita an'izany mitranga aho.

Satria, teneniko aminareo hoe nahoana.

220 Nivoaka niaraka tamin'ireo fanomezam-pahasoavana ny olona, marina izany. Tsy misalasala aho milaza an'izany. Tsy mpitsikera an'iza na iza aho. Izay inoan'izy ireo, dia miankina amin'izy ireo izany, hitanareo. Fa, efa nahita

lehilahy niaraka tamin'ny asam-panompoana nisy fanomezam-pahasoavana aho, saingy nandeha izy ireo ary, tsy mihoatra na latsaka, nanao ny—ny...Inona no ho lazaiko? Ankehitriny, miaraka amin'ny fanajana sy miaraka amin'ny fitiavana, dia fantatr'Andriamanitra fa avy amin'ny foko izany. Hitanareo? Fa izy ireo dia nanao betsaka toy ny—ny resaka fanangonam-bola avy tamin'izany, hitanareo, manangona ny olona fotsiny ary te-hametraka zavatra goavana be iray. Ary angamba nolanian'izy ireo ilay vola, ary, eny, mety ho mety tsara izany. Saingy ilay izy amiko dia toy ny hoe...

221 Hoy izy ireo hoe, "Eny, ho avy ny farany, inona no ilan'ny olona ny volany?" Eny, inona no ila*nareo* an'izany, ny tenanareo? Hitanareo?

222 Noho izany, ny—ny zavatra amin'ilay izy dia, dia mitondra ny Filazantsara fotsiny amin'ny olona, hitanareo, dia ny mitory teny. Mino aho fa raha isika fotsiny...

223 Ary ireo fanomezam-pahasoavana, hitanareo, famantarana, ary ankehitriny, afaka tonga eto ny olona iray, izao maraina izao, ka mitsangana eto amin'ity polipitra ity, ary manao fahagagana lehibe sy famantarana, tsy hidika akory aza izany fa voavonjy ilay olona. Manao famantarana sy fahagagana ireo devoly. Azo antoka, manao izy ireo. Azo antoka, manao izy ireo. Ary nilaza ny Baiboly fa hanao mihoatra noho izany izy ireo, amin'ny andro farany. Eny, hoy Jesosy hoe, "Maro no hanatona Ahy ka hanao hoe, 'Tompo, tsy efa nandroaka devoly tamin'Ny Anaranao ve aho? Ary tsy efa nanao an'*ity* ve aho? Ary tsy efa nanao an'*itsy* ve aho, ary ireo zavatra rehetra ireo?'" Hoy Izy hoe, "Tsy Fantatro izany. Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka." Hitanareo?

Mino aho fa ho avy ny fotoana...

224 "Ny fanehoana an'ireo fanomezam-pahasoavana dia nomena ho an'ny olona tsirairay mba hahasoa ny rehetra." Izany no—marina izany. Mino aho fa mahafinaritra ireo fanomezam-pahasoavana, ary mila azy ireny sy manaja azy ireny isika.

225 Saingy mino aho fa ho avy ny fotoana izay hahatongavan'izany eo amin'ny fenitra iray avo kokoa noho izany. Nahoana, "Rehefa foana ireo zavatra rehetra ireo, dia ny fitiavana no haharitra mandrakizay." Hitanareo? Ny fitiavan'Andriamanitra izany. Isika fotsiny dia—hitsangana fotsiny isika, hitory teny tahaka an'izao, na hiresaka, ka hipetraka fotsiny eo ambonin'ny tranobe ny fitiavana. Fioo! Oadray!

226 Hitanareo, izao no andron'ny fitorian-teny. Izao no andro izay tsy maintsy handehanantsika sy hitadiavantsika an'ireo mpanota ary hamoaka azy ireo. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Ho an'izany ny fitoriana ny Teny, dia ho an'ireo mpanota, ary hamoaka azy ireo. Ankehitriny dia tsy maintsy mandinika isika, ao anatiny ao, ary isika...Ireo famantarana sy fahagagana dia

vita amin'ny alàlan'ny fametrahan-tànana, sy ny sisa, satria mitory teny izany.

227 Saingy mino aho fa ho avy ny fotoana ankehitriny izay izy fotsiny dia saiky...Efa saiky mifikitra ilay Fiangonana. Hitanareo?

228 Tsy hanana vatana sampona iray Andriamanitra. Tsy hanana rantsan-tànana enina Izy eo amin'ny tànana anankiray. Hisy rantsan-tànana dimy fotsiny eo amin'ny tànana anankiray. Tsy ho sampona ny Vatan'i Kristy. Ary rehefa miditra ao amin'ny Vatan'i Kristy ilay olona farany, amin'izay fotoana izay dia tapitra ilay izy. Tapitra ilay izy. Tsy fantatro hoe iza. Mety ho ity no ilay anankiray farany, izao maraina izao. Mety ho ianareo no ilay anankiray farany. Angamba any Afrika any, androany, no hampidirana an'ilay anankiray farany. Fa rehefa vita ilay anankiray farany, ny tiako lazaina dia ilay...Mety mandroso ianareo, mitory ny Filazantsara, saingy tsy hisy valiny. Hitanareo, tsy misy valiny.

229 Niresaka tamin'i Billy Graham sy izy ireo aho, izay nandehanan'izy ireo tao amin'ny toerana iray izay nisy telo alina, na roa na telo alina niova fo. Tsy afaka nahita olona roapolo na telopolo izy ireo, afaka herintaona. Eritrereto izany, eritrereto fotsiny izany. Hitanareo?

230 Ankehitriny, manao ahy ho Kalvinista iray izany, marina tokoa. Hitanareo? Izay nataon'Andriamanitra, dia nataon'Andriamanitra.

231 Ankehitriny, tsy tonga teto an-tany mihitsy Jesosy mba hilaza fotsiny hoe, "Hanana mpitory teny Aho handeha ka hitory teny vitsivitsy, hiteny amin'izy ireo mikasika an'izay Nataoko, ary angamba hisy olona iray halahelo Ahy ka ho voavonjy." Tsy mitantana ny Asany tahaka an'izany Andriamanitra.

232 Tany, Andriamanitra, tany amin'ny voalohany, dia nahafantatra marina tokoa hoe iza no ho voavonjy. Tonga hamonjy an'ireo izay fantatr'Andriamanitra fa ho voavonjy Jesosy. Tsy Tiany ho very izy ireo, saingy, mba ho Andriamanitra, dia Fantany hoe iza no ho very ary iza no ho voavonjy. Noho izany, dia afaka nifidy mialoha Izy. Tsy nifidy mialoha, Izy—Izy dia nane-...Tamin'ny fahalalana mialoha, Afaka nametraka tao amin'ny lamina Izy, mba hanao ny zavatra rehetra hiasa ho an'ny Voninahiny. Satria, izany dia...

233 Ny devoly—ny devoly dia tsy manerana na faratampon'ny hery, tsy mahafantatra ny farany hatrany amin'ny voalohany koa izy. Andriamanitra irery ihany no mahafantatra an'izany. Izany no zavatra anankiray, Andriamanitra dia *Eto* ambony eto mihitsy. Fantany. Ny devoly dia tsy mahafantatra an'izay hitranga. Tsy mahafantatra an'izay hitranga izy. Ny zavatra tokana fantany, dia devoly iray fotsiny izy, ary manao an'izay

azony atao fotsiny izy. Ary ny zavatra rehetra izay azony idirana, dia idirany izany.

234 Fa, Andriamanitra no mahafantatra ny farany. Amena. Noho izany, Andriamanitra izay mahafantatra ny farany, dia afaka manao ny zavatra rehetra hiasa tsara ho an'ny Voninahiny Izy. Amena. Oh, tiako Izy. Oadray, oh, oadray! Hitanareo? Andriamanitra Izy. Noho izany, tsarovy, rehefa ilay olona farany izay nanana ny . . .

235 Oviana no napetraka tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaranareo; omaly ve, tamin'ny taona lasa, tamin'ny taona talohan'ny farany? Tsia, tompoko. "Rehefa noforonina izao tontolo izao, dia napetraka tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaranareo," izany no nolazain'ny Baiboly. Ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Apokalypsy hoe, "Ary ny antikristy dia namitaka ny rehetra izay nonina teto ambonin'ny tany, ireo izay tsy manana ny anarany voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Tamin'izany no voasoratra ny anaranareo. Ankehitriny, ny zavatra tokana . . .

Hoy ianareo hoe, "Inona no ilàna ny fitoriana ny Filazantsara, arak'izany?"

236 Eny, ny Baiboly no manazava an'izany mazava tsara. Hitanareo? Hoy Izy hoe, "Ny Fanjakan'ny Lanitra dia tahaka ny lehilahy iray izay nitondra harato iray ka nandeha nankany an-dranomasina na farihy iray. Ary nanipy harato iray tao anatin'ny ranomasina izy, ka nisintona." Izany no fitoriana ny Filazantsara. Hitanareo? Misy ranomasina iray manontolo. Ny Etazonia dia farihy iray. Ary ireo mpitoriteny . . .

237 Ankehitriny, mandeha eto aho, mitsangana eto Jeffersonville, eo amin'*ity* zoron'ny farihy ity. Hoy ianareo, "Rahalahy Neville, efa nanarato ve ianao?"

"Eny."

"Nahavita soa ve?"

"Tsy be loatra."

238 "Eny, ndao isika . . . Hanarato miaraka aminareo vetivety aho." Dia hatsipiko ny haratoko, ary atsipiny ny azy. Ary indro izahay misintona, mitory teny, misintona.

239 Tonga ny andian'olona, manao hoe, "Hia, te-hanaiky ny Tompo Jesosy aho." Eny àry.

Mijery manodidina, "Iza no trondro? Iza?"

"Tsy fantatro." Hitanareo?

"Eny, ankehitriny, inona no hataonao ankehitriny?"

240 "Eny, handeha hankany California aho. Ny Tompo no naniraka ahy hankany California. Handeha hanarato any vetivety aho."

241 Handeha any aho ary hanipy ny haratoko tahaka an'*izao*, ka hanosika hiditra, dimanjato sy arivo no tonga indray mandeha. "Voavonjy ve izy rehetra ireo?" Tsy fantatro. Eo izy ireo izao. Raisiko ny harato. Izany no haraton'ny Filazantsara.

242 Ny sasany tamin'izy ireo, hoy ny Baiboly, niaraka tamin'ireo karazan-javatra rehetra izay tao anaty rano. Nifoka rivotra tamin'ilay rano iray ihany izy rehetra, niaina tao anatin'ilay rano iray ihany. Marina ve izany? Hitanareo? Nisy soka-drano teo, soka-potaka, menarana, sahona, androngo, mpitsindroka, ary tena trondro.

243 Ankehitriny, ireo izay trondro rehefa tonga teo amin'izy ireo ny haraton'ny Filazantsara, dia efa trondro rehefa teny amin'ny morona izy ireo. Ireo izay soka-drano tao anatin'ny haraton'ny Filazantsara, dia efa soka-drano teo amin'ny morona. Tsy ho ela dia hiverina avy hatrany ao amin'ilay fotaka indray izy ireo. "Tahaka ny kisoavavy mankeo amin'ny fotany, sy ny alika mankeo amin'ny lòany," no andehanan'izy ireo. Hitanareo?

244 Fa, tany amin'ny voalohany, dia efa soka-drano izy ireo, eo am-panombohana. Tsy asako ny milaza hoe soka-drano izy ireo. Tsy fantatro. Manarato fotsiny aho, hitanareo, misintona an'ilay harato fotsiny. Fa rehefa nivoaka avy tao anaty rano ilay trondro farany, rahalahy, dia izay no izy.

> Oh, ny Tompo Izy tenany no ho tonga
> Ary hilaza fa vita ny asa,
> Hiova ilay toeram-piantsonana afaka kelikely.

245 Marina izany. Marina izany. Eny, tompoko. Hilaza Izy hoe, "Vita ny asa, ary nifarana izy. Tapitra ny rehetra," rehefa mivoaka ilay anankiray farany.

246 Ary nisy andiana fota-kisoa ratsy iray teo, sy ny zavatra rehetra. Misintona an'ireo trondro hivoaka avy ao Andriamanitra, haingana mihitsy arak'izay Vitany. Ireo mpitoriteny avy amin'ny lafiny rehetra, manipy harato fotsiny avy amin'ny lafiny iray mankany amin'ilay hafa. Efa mifandrakotra harato mihitsy aza isika. Misintona mafy mihitsy arak'izay vitantsika isika, manarato. Efa saiky vonona mihitsy izy. Hanapoaka an'ilay kamory tranainy izy, indray andro any, dia ho tapitra tanteraka ny aminy. Fa ny trondro dia handeha hankeo amin'ireo rano tsara, mazava any, izay hananan'izy ireo Fiainana Mandrakizay mandrakizay. Amena. Oh, rehefa tonga io anankiray farany io! Oadray!

247 Ahoana, tombontsoa iray toy ny inona izany, ny hilazan'Andriamanitra hoe, "Te-ho trondro iray ve ianao?" Amena. "Te-ho trondro iray eo amin'ny Latabatro ve ianao? Tianao ve ny ho tonga ka ho sakafo eo amin'ny Latabatro?" Oh, oadray!

"Azo antoka. Azo antoka, Tompo." Hitanareo? Saingy, ny natioran'izy ireo dia trondro. Hitanareo?

248 Rehefa Kristiana iray ianareo, dia Kristiana iray ny natioranareo. Tsy mila milaza ianareo hoe, “Ankehitriny, ianao—ianao—ianao tsy mahazo, tsy mahazo mifoka ianao. Tsy mahazo misotro ianao. Tsy mahazo manao an’izany ianao.” Tsy mila milaza an’izany ianareo. Tsy manao an’izany fotsiny izy ireo, na ahoana na ahoana. Hitanareo? Samihafa ny natioran’izy ireo. Ao anatin’ilay olona ny Fanahin’i Kristy, ary Kristy tsy manao an’ireo zavatra ireo. Hitanareo?

249 Hoy ianareo hoe, “Tsy maintsy tia ny Tompo ianao. Tokony handeha any am-piangonana ianao.” Tsy mila miteny an’izany amin’ireo olona ireo ianareo. Mandeha izy ireo, na ahoana na ahoana. Handeha hitety ny orana izy ireo. Handeha izy ireo. Handalo fahafatesana izy ireo, mba handehanana any am-piangonana. Azo antoka. Tian’izy ireo izany. Tsy maintsy tonga eo fotsiny izy ireo. Izay ihany no izy. Ny ain’izy ireo izany. Raha tsy izany izy ireo, izy ireo—mahatsapa toy ny hoe eo am-pahalevonana izy ireo. Azo antoka. Eny, tompoko. Tsy maintsy tonga eo fotsiny ianareo, ary na oviana na oviana fotsiny no irehetan’ny zavatra iray ao am-ponareo. Tsy hoe mandeha any mba hiady hevitra, ankehitriny, tsy hoe mandeha any mba hifamaly, fa mandeha any mba hivavaka. Oadray! Ary mandeha mody ianareo mangatsiatsiaka. Tsy fiainana iray mahafinaritra ve izany? Firy no efa nahatsapa an’izany? Aoka ho hita ny tànanareo. Oh!

250 Marina izany, Gertie. Ndao isika hihira an’izany. “Fiadanana! Fiadanana!”

> . . . Fiadanana! Fiadanana mahafinaritra,
> Midina avy amin’ilay Ray any Ambony;
> Miparitaha eo ambonin’ny fanahiko mandrakizay, mivavaka aho,
> Ao amin’ireo onjam-pitiavana tsy voarefy.

251 Tiako ianareo hanao zavatra iray ankehitriny. Na iza na iza mipetraka eo akaikinareo mihitsy, dia raiso ny tànan’izy ireo, manaova hoe, “Andriamanitra hitahy anao, rahalahy, ranabavy. Te-hihaona aminao any An-danitra aho.”

> Fiadanana! Fiadanana! fiadanana mahafinaritra,
> Midina avy amin’ilay Ray any Ambony;
> Miparitaha eo ambonin’ny fanahiko mandrakizay . . . (Oh, oadray!)
> Ao amin’ireo onjam-pitiavana tsy voarefy.
>
> Teo amin’ny hazo fijaliana izay nahafatesan’ny Mpamonjiko,
> Teo no niantsoantsoako ho fanadiovana ny ota;
> Teo no nampiharana an’ilay Rà tamin’ny foko;
> Voninahitra ho an’Ny Anarany!
>
> Voninahitra ho an’Ny Anarany!

Voninahitra ho an'Ny Anarany tsy manantsahala!
Teo no nampiharana an'ilay Rà tamin'ny foko;
Voninahitra ho an'Ny Anarany!

252 Ankehitriny raha mbola mihira ny andininy manaraka isika, dia manontany aho raha afaka hilahatra ny marary, eto mihitsy ankehitriny, ho an'ny vavaka, eto amin'*ity* ilany ity mihitsy. Ary tiako ireo mpitoriteny, raha handroso izy ireo ankehitriny mba hanampy anay hivavaka ho an'ny marary. Milahara eo amin'ny ilany ankavanana, avia eto amin'*ity* ilany ity. Marina izany, eto amin'ny ilany ankavanana, ireo izay hivavahana.

Voavonjy tamim-pahagagana tokoa tamin'ny ota aho,
Jesosy no mitoetra ao anaty amim-pahamorampanahy tokoa,
Teo amin'ilay hazo fijaliana no Nandraisany ahy;
Voninahitra ho an'Ny Anarany!

Voninahitra ho an'Ny Anarany sarobidy!
Voninahitra ho an'Ny Anarany sarobidy!
Teo no nampiharana an'ilay Rà tamin'ny foko;
Voninahitra ho an'Ny Anarany!

253 Omeo anay ny naoty *Ilay Mpitsabo Lehibe*, sitrakao ve, Ranabavy Gertie, raha sitrakao.

254 Ankehitriny dia te-hanontany zavatra aminareo aho. (Ho karakaraiko ireo. Eny, tompoko.) Tonga miaraka amin'ny fanantenana ve ianareo, na miaraka amin'ny fiandrasana, raha ny marina, hoe ho sitrana ianareo izao maraina izao? Izany ve no ao am-ponareo, tena lalina? Raha tonga tahaka an'izany ianareo, ry sakaizako, dia hanome toky anareo fotsiny aho fa ny fahasitrananareo dia azo antoka mihitsy tahaka ny famonjenareo, azo antoka mihitsy.

255 Ankehitriny, ny fahasitrananareo dia tsy maharitra tahaka ny famonjenareo. Hiala aminareo ny fahasitrananareo. Ianareo dia afaka ny ho. . .Raha sitrana ianareo, dia harary indray. Mety ho sitrana ianareo androany, amin'ny aretin'avokavoka, ara-dalàna sy salama tanteraka, voatonona hoe "salama," avy amin'ilay dokotera, ary ny herinandro manaraka dia maty amin'ny aretin'avokavoka. Marina izany.

256 Mety ho madio tanteraka amin'ny TB ianareo, amin'ity herinandro ity; ary roa volana manomboka izao, dia maty, amin'ny raboka. Afaka hanao fitsapana iray izy ireo, tsy nisy tsimoka iray tao amin'ny vatanareo, izay mety hitan'izy ireo; ary avy eo dia ho faty afaka roa herinandro amboniny, amin'ny raboka. Marina izany. Hitanareo? Ary tsy maintsy maty ianareo, na ahoana na ahoana.

257 Fa, ireo tombontsoa! Niantsoantso i Davida hoe, "Aza adinoina ireo Tombontsoany rehetra. Misaora ny Tompo, O ry

fanahiko: ary izay rehetra ato anatiko, misaora Ny Anarany masina. Misaora ny Tompo, O ry fanahiko, ary aza adinoina ireo Tombontsoany rehetra." Tombontsoa! Inona no tombontsoa ao amin'ilay dia? "Izay mamela ny heloko rehetra." *Heloka,* dia zavatra izay andehananareo ary ataonareo ilay izy, nefa fantatrareo fa tsy tokony nataonareo ilay izy. Mamela an'izany Izy. Raha mangataka Aminy ianareo, dia mamela anareo Izy. "Mamela ny heloko rehetra; izay manasitrana ny aretiko rehetra."

Ankehitriny dia tiako ny handamina an'izany ho anareo, mandrakizay.

258 Noho izany dia hoy ny olona iray hoe, "Rahalahy Branham, mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ve ianao?"

259 Ankehitriny dia mamelà ahy hilaza an'izao am-pahendrena sy am-pitoniana. Mila olona iray aho, dokotera iray, siansa iray, any ho any, manasa azy ireo aho ao amin'ity fifohazana ity, ho tonga eto amin'ity polipitra ity ka haneho amiko toerana iray izay nisy olona iray izay hany sitrana ankoatry ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Izaho—tiako ianareo handeha hankany amin'ny dokoteranareo, na any amin'ny olona rehetra izay tianareo handehanana, ka haneho amiko olona iray izay hany sitrana ankoatry ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra.

260 Tiako ianareo hitondra amiko an'ilay fanafody izay hanasitrana. Tiako ianareo hitondra amiko an'ilay dokotera izay milaza fa mpanasitrana iray izy. Ho mpanao voditongotra izy, eny àry, "voditongotra," voditongotry ny dokotera iray. Fa Andriamanitra irery ihany no Anankiray Izay afaka manasitrana, na efa hany nanasitrana, na hany hanasitrana.

261 Raha nanana fanafody iray izay hanasitrana isika, dia afaka hanamboatra olona iray eto amin'ity lampihazo ity mihitsy, miaraka amin'ilay fanafody. Marina izany, afaka hanamboatra olona iray isika, hamorona azy eto amin'ny lampihazo mihitsy.

262 Eritrereto fotsiny izany, ny fanasitranana rehetra dia fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Manana fomba fanaovana an'izany Andriamanitra.

263 Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, nahazo fandidiana iray aho, ilay fivontosana, na kambon-tsinay. Raha tsy ilay dokotera no nandidy azy, dia ho faty aho."

264 Mety izany. Izany angamba no fahamarinana. Saingy efa fantatrareo ve fa tsy nanasitrana anareo mihitsy ilay dokotera? Nanala an'ilay sakana ny dokotera. Nandidy an'ilay kambon-tsinay fotsiny izy. Izany ilay zavatra izay naharary anareo. Saingy tsy nanasitrana an'izany mihitsy izy.

265 Nanapaka ny sandrinareo ianareo. Hoy ianareo hoe, "Eny, nanapaka aho . . . Mifanamby aho, raha tapahanao ny sandrinao,

dia handeha hankany amin'ilay dokotera ianao." Azoko antoka fa handeha aho. Saingy tsy afaka hanasitrana an'izany izy.

266 Ahoana moa raha miditra aho, manao hoe, "Dokotera, sitrano ny sandriko, haingana mihitsy. Tsy maintsy manamboatra ny fiarako aho izao tolakandro izao"? Hitanareo? Nahoana, izy dia—ho fantany fa mila fanasitranana ara-tsaina aho.

267 Hilaza izy hoe, "Afaka mametraka ny sandrinareo aho." Fa iza no manao ny fanasitranana?

268 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, ahoana ny amin'ny penicilline, rehefa omen'izy ireo anao izany ho—ho an'ny aretina, tsimoka ao amin'ny vatanao, tahaka ny aretin'ny taovam-pananahana ary—ary na inona na inona anananao, aretin'avokavoka? Ny penicilline ve. . . Tsy manasitrana anao ve ny penicilline?" Tsia, tompoko.

269 Ny penicilline, ny penicilline dia antibiotika iray, ary ny antibiotika iray dia mpamono iray. Mamono ny antibiotika. Mamono ireo fanafody hafa rehetra. Tsy manorina ny fanafody; mamono izy. Mpamono iray ny fanafody, fa tsy mpanasitrana iray. Anehoy fanafody iray aho izay manasitrana. Anehoy fanafody iray aho izay tsy mpamono iray, fa tsy manana fanafody ianareo. Mamono ny fanafody, mamono tsimoka.

270 Toy ny hoe raha manana voalavo fotsiny ianareo ao antranonareo, dia mametraka poizim-boalavo ianareo. Ary nihinana lavaka nanerana ny tranonareo ireo voalavo. Eny, mamono an'ireo voalavo ilay poizim-boalavo, fa tsy manamboatra ny tranonareo. Hitanareo? Ny penicilline, ny penicilline dia mamono an'ilay tsimoka, fa Andriamanitra no tsy maintsy manasitrana ny toerana izay nohanin'ilay tsimoka. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

271 Na ahoana na ahoana, ny Tenin'Andriamanitra, hiditra ao amin'izany isika. Tsy afaka manohitra ny Tenany ny Tenin'Andriamanitra. Izany tanteraka tokoa no Fahamarinana. Izany. . . Mila olona iray fotsiny aho ho tonga hametraka ny rantsan-tànanareo eo amin'ny Teny, amin'ny fotoana rehetra mandritry ny fifohazana, haneho amiko fifanoherana iray ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, izay Nanoherany ny Tenany, tsy azo ahitsy amin'ny Tenin'Andriamanitra izany. Tsy ao izany. Azo antoka. Tsy ao izany. Ao amin'ny Teny dia tsy misy fifanoherana, mihitsy. Tanteraka tokoa.

272 Alaivo ny lohahevitra iray. Afaka manoratra taratasy anankiray aminareo aho ka miteny zavatra iray aminareo. Manoratra taratasy hafa iray ho anareo aho ary taratasy hafa iray. Ny zavatra voalohany fantatrareo, ireto anankiroa ireto dia niresaka mikasika lohahevitra roa samihafa. Hitanareo? Izany tokoa.

273 Fa Andriamanitra irery ihany no Anankiray izay hany nanasitrana, izay hany hanasitrana, na hany afaka hanasitrana. Raha manapaka ny sandrinareo ianareo, ankehitriny, hilaza aho . . .

"Eny, manana fivontosana iray aho, ahoana ny amin'izany?" Eny àry.

274 Ankehitriny, raha io toerana kely izay ifikiran'io fivontosana io, raha Andriamanitra, amin'ny fandroahana an'ilay ratsy, ary mivoaka avy ao amin'io fivontosana io ilay aina, dia ho faty izy.

275 Raha mandidy azy ny dokotera, amin'izay fotoana izay dia Andriamanitra no tsy maintsy manasitrana an'ilay toerana izay nandidian'ny dokotera azy. Raha tsy izany ianareo, dia hivoadrà ho faty. Marina ve izany? Ahoana moa raha manaisotra an'ilay kambon-tsinay hiala aminareo izy, ka tsy manasitrana anareo Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia ahoana ny amin'izany? Ho faty eo no ho eo ianareo.

276 Tsentseno ny iray amin'ireo lakan-drano lehibe eto amin'ity làlambe eto ity. Mivoaha ianareo eto ary tsentseno ny iray amin'ireo lakan-drano lehibe, dia jereo, eto amin'ity làlambe eto ity, io tatatra io, dia diniho izay mitranga.

277 Mivoaha ianareo eto ka tsentseno ny iray lehibe, tapaho ilay robinen-drano lehibe eto, ny iray amin'ireo robinen-drano, diniho izay hataony. Hanapoaka an'izany izy, eto ambany eto ao amin'ilay rafitra fipaompiana.

278 Tsy misy toerana iray, tsy zavatra iray, rafitra iray eto amin'izao tontolo izao, mitovy amin'ny vatan'olombelona. Fa afaka manapaka làlan-drà lehibe ho anankiroa ianareo, ka hanampina azy eto, fa hanao làlana iray Andriamanitra hampandalovana an'io rà io ka hampiditra azy ao anatin'io làlan-drà lehibe io indray. Raha tsy izany ilay izy; ao anatin'ny iray minitra, raha niverina indray izany ka nahavoa ny fonareo, ianareo, [Manapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] ho faty ianareo, tahaka an'*izao*, amin'ny fotoana voalohany hihaoranareo ny tenanareo.

279 Iza no mpanasitrana? Oh, oadray! Andriamanitra no mpanasitrana. Hitanareo, tsy afaka hanana rafitra mekanika hiasa tahaka an'izany ianareo. Tsy maintsy ivelan'ny voajanahary izany.

280 Voatifitra teo amin'ny làlan-drà lehibe aho teo amin'ny anankiroa, teo amin'ny ranjoko anankiroa. Hitanareo? Ary Andriamanitra . . . teo, izaho, zazalahy mpanota kely iray, teo am-pahafatesana teo amin'io saha io. Fantatr'Andriamanitra fa Tiany hitory ny Filazantsara aho. Nodinganiny ilay rà. Tsy fantatro akory aza ny mikasika an'izany, raha tsy hoe misy olona miteny amiko, na sendra mijery aho ka mahita an'ilay holatra. Hitanareo? Andriamanitra, ao amin'ireo làlan-drà lehibe!

281 Tapaho ilay fantsona lehibe eo amin'io, ilay paompy eto eo amin'io rafitra fipaompiana io, diniho eto ao amin'ny governemanta, izay miseho. Hiverina any izany ary hanapoaka an'izany. Azo antoka, hiverina izy. Manery midina tahaka an'izao io rano io, hanosika hiverina avy hatrany izy.

282 Fa manao fialàna iray Andriamanitra ka mandeha manodidina. Iza no manao an'izany? Fahaizana inona no manao an'izany? Anehoy rafi-drano iray izay hanao an'izany aho. Haleloia! Izany no fahaizan'Andriamanitra. Izany ilay Mpamorona lehibe izay manao an'izany. Eny, tokoa.

283 Inona no manao ny hazo iray ho samihafa amin'ilay hafa? Inona no manao lokom-borona iray avy amin'ny iray hafa, ho samihafa? Inona no manao ny fitenenany ho samihafa? Inona no manao antsika amin'izay maha-izy antsika? Fahaizana iray izany. Andriamanitra izany.

284 Aza matahotra ankehitriny. Izy no nanao-. . . Ity no Fampanantenany. Tsy Rahalahy Branham izany. Ny Fampanantenany izany. "Izaho no Tompo Izay manasitrana ny aretinao rehetra." "Raha misy marary, dia antsoy ireo loholon'ny fiangonana, hosory diloilo izy ireo, mivavaha ho azy ireo, ny vavaky ny finoana no hamonjy an'ilay marary. Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametra-tànana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Ary avy eo rehefa vita izany baiko izany, dia ekeo izany tahaka ny hanekenareo hibebaka sy hatao batisa eto mihitsy. Mandehana avy hatrany, manaova hoe, "Asa vita iray izany. Tapitra ny rehetra." Hitanareo?

285 Fa miandry fahagagana lehibe miavaka iray hitranga isika. Tena mitranga izany raha misy finoana ampy eo hanao an'izany hitranga. Fa raha tsy misy finoana ampy hanao an'izany hitranga, dia hitranga izany na ahoana na ahoana, afaka kelikely.

286 Jereo izay nolazain'i Jesosy tao amin'ilay fampakarana tany, rehefa nilaza mikasika an'ilay tendrombohitra Izy. Hoy Izy hoe, "Afaka kelikely, dia hiseho izany. Raha mangataka an'io tendrombohitra io hifindra ianareo, ka mino ao am-ponareo fa hataony izany," hoy Izy, "afaka kelikely, dia hiseho izany." Hitanareo? Hiseho izany.

Marary ianareo ankehitriny. Maro aminareo no eo ampahafatesana, ao amin'ny toerana ratsy.

287 Hitako izy ireo mihazona lehilahy iray eto ankehitriny. Lehilahy tena marary. Ny homamiadana dia zavatra mahatsiravina iray, saingy afaka manasitrana homamiadana Andriamanitra. Oadray! Afaka maneho aminareo ato aho. Firy ato no efa mba. . . Misy olona iray ve eto ankehitriny, izay efa sitrana tamin'ny homamiadana? Atsangano ny tànanareo. Jereo eto, manerana ny fiangonana rehetra izany. Hitanareo? Azo

antoka, hatraiza hatraiza. Nasainay nentina izy ireo, satria Andriamanitra no mpanasitrana.

288 Ankehitriny, ny tsirairay avy aminareo eo, amin'ny fankasitrahana, tiako ianareo hanondrika ny lohanareo, tiako ianareo hivavaka. Rahalahy Neville, avia eto. Ary ankehitriny raha ianareo olona. . . Tiako ireo loholona ho tonga eto, mba ahafahantsika hivavaka ho an'ny olona. Ary rehefa mandalo eto ianareo. . . Ataovy ity ankehitriny. Rehefa mandalo eto ianareo, dia minoa amin'ny fonareo rehetra. Ary raiso fotsiny ny. . . tsy ny teniko, fa ny Tenin'Andriamanitra, ho an'izany. Minoa amin'ny fonareo rehetra fotsiny. Milamina hatreo izany. Izay ilay izy. Tapitra ny rehetra. Andriamanitra no niteny an'izany. Ny Teniny no niteny an'izany. Tsy mety diso Izany.

289 "Tsy ahoako na toy ny ahoana no tsapako. Hanohy avy hatrany aho, na ahoana na ahoana, hilaza fa Izany no Fahamarinana." Diniho izay mitranga.

290 Fa, hitanareo, raha mihemotra isika ka, milaza, mandalo eo amin'ilay laharam-bavaka tahaka an'*izao*, dia tsy mitranga mihitsy izany. Izay ihany.

57-0407M Mihazona Ny Teniny Andriamanitra
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2026 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org